Ny Taranaky Ny Menarana

Andriamanitra Malala, ilay Andriamanitra lehibe sy mahery, Izay nanao ny zavatra rehetra tamin'ny alàlan'ny herin'ny Fanahiny; ka nitondra an'i Jesosy Kristy, Zananilahy Tokana, Izay maty an-tsitrapo ho anay mpanota, ilay Marina ho an'ny tsy marina, mba hampihavana anay hiverina ao amin'ity fiombonana mahafinaritra izay anananay ity indray miaraka amin'Andriamanitra. Araka ny nampianarina anay ao amin'ilay Teny voatahy, fa efa nanana firaisana Taminy izahay talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. "Rehefa niaraka nihira ireo kintan'ny maraina, ka nihoby fifaliana ireo zanak'Andriamanitra, fahiny talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Ahoana no nahalalanay fa tsy tamin'izany fotoana izany mihitsy no novonoina ilay Zanak'ondry; fa rehefa Andriamanitra, tao amin'ny Fisainany lehibe, no nahita anay nihoby sy nifaly ny amin'ny famonjena anay tamin'ny alàlan'i Jesosy!

2 Ary, izao hariva izao, dia fanandramana mialoha anankiray fotsiny ihany no anananay ny amin'izany voninahitr'Andriamanitra lehibe izany izay ho voaseho amin'ny Fihaviany faharoa. Ireo aretina sy alahelo rehetra dia ho lasa avokoa. Amin'izay fotoana izay izahay dia hahazo vatana anankiray mitovy amin'ilay Tena Vatany be voninahitra, satria hahita Azy amin'ny maha-Izy azy izahay. Eto izahay raha mijery ny tànanay mikentrona, ny volonay mivadika fotsy, ary ny sorokay milatsaka, dia mahatsapa fa mety maty izahay ary mizotra miverina any amin'ny vovoka izay anondrehanay ny lohanay ankehitriny, sy izay nihavianay. Nefa, Tompo Andriamanitra, satria azo antoka fotsiny fa Andriamanitra Ianao, Ianao no nampanantena fa hitsangana indray izahay amin'ny andro farany, dia mino izany izahay.

3 Am-panajana no ijoroanay miaraka amin'ny finoanay izao hariva izao ao amin'ny Fanatrehanao, miaraka amin'ny fahasahiana satria Jesosy no nandidy anay hanao izany. Tsy hoe eo amin'izay zavatra tsara izay nataonay, fa tsy nisy tsara mba vitanay; fa manatona am-panetre-tena izahay, milaza fa manana an'io harena io izahay nohon'ny Fahasoavany izay nozaraina taminay. Noho izany, dia avy izahay mangataka Anao mba hitahy anay izao hariva izao ao amin'ny fitondrana ny Teny. Fa izao no voasoratra, hoe, "Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Ary aoka ny vavan'Andriamanitra no ho voateny izao hariva izao. Aoka hivoaka ireo teny, ary enga anie Izany hilentika lalina ao amin'ny fonay, izay mpihaino, ka ho feno ny Fanahinao sy ny Fanatrehanao. Fa mangataka izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

4 An—androany sy omaly, omaly hariva, ny marina kokoa, sy androany, dia niresaka ny amin'ny lohahevitra isika, voalohany, mba hanomezana lohateny azy io, *Nahoana Isika No Tsy Anaram-piangonana*. Ary nataon-tsika mahery kokoa ilay izy, nahoana isika no tsy anaram-piangonana, ary nahoana isika no tsy mino ny anaram-piangonana. Satria, hitantsika ao anatin'ny Baiboly izany, fa tsy nanendry anaram-piangonana mihitsy Andriamanitra; ny devoly no nanendry azy io; ary noporofoina tamin'ny Baiboly izany. Ary ahoana fa, tamin'ny alàlan'ny anaram-piangonana, no nitondran'izany ny fahadisoana. Ankehitriny isika dia miteny an'izao mba hanitsy sy hitondra ity tabernakla ity ho ao anatin'ny firaisana manodidina ny Tenin'Andriamanitra voatahy. Mba, tsy hiorina ao amin'izay lazain'ny anaram-piangonana ny fanantenantsika, na izay lazain'ny olona; miorina eo ambonin'izay nolazain'ny Tompo Andriamanitra izany. Ary izany ihany no fomba tokana hahafahantsika ho tena voahitsy marina.

5 Ary aninkeo maraina, dia nanana dimy aho, mino aho, lahatsoratra samihafa izay nivoaka avy tamin'ny anaram-piangonana, izay tsy voalaza ao anatin'ny Baiboly velively, izay eken'ny fiangonana Protestanta, ka ampianarina ho foto-pampianarana; ilay zavatra mitovy izay torian'ilay reny mpijangajanga fahiny, dia ny fiangonana Katolika, ka miditra ao amin'ny fiangonana Protestanta. Ary isika koa dia miondrika amin'izany zavatra izany izay mifanohitra amin'izay rehetra ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra.

6 Ilay fiangonana anaram-piangonana voalohany, nikaroka an'io isika tamin'ny tolak'andro tao amin'ny tantaran'ireo mopera Niseana, avy tao amin'ny fiangonana Niseana. Tamin'ny nahafatesan'ireo apostoly, teo amin'izany no tonga ireo mopera Niseana, ary dia nanohy nandritry ny taona maro izy ireo. Dimy amby roapolo sy telonjato taona, ny niafarany dia tonga tao—tao Nise, Frantsa, izay nanaovan'izy ireo ny—ny fivoriambe Niseana. Ary tao anatin'izany no nanaovany an'ireo fampianaram-piangonana izay ananan'ny fiangonana Katolika ankehitriny ireo, ary koa nampitaina tamin'ireo Protestanta.

7 Ary araka ny nolazaiko tao—tao amin'ny fampianarana aninkeo maraina, "Ny tsirairay amin'ireo taonan'ny fiangonana ireo, ka hatramin'io—io taonan'ny fiangonana Tesalonika io, ilay dimanjato sy arivo taonan'ny fahamaizinana, dia tsy nisy fotoana na dia indray mandeha aza tsy Nilazany hoe, 'Mbola manana ny Anarako ianao.'"

8 Ary eto amin'ity lafiny ilany ity, dia tsy tao amin'i Kristy intsony izy ireo, lasa anarana anaram-piangonana izy ireo, "Katolika, Lotera, Wesley, Batista, Presbyterana, Pentekotista," sy ny sisa.

9 Saingy mialoha indrindra ny fiafaran'ilay taona kosa, dia hoy Izy hoe, "Mametraka varavarana mivoha eo anoloanao Aho."

Hitanareo? Ary io ilay taona izay inoantsika fa misy antsika ankehitriny, ilay taonan'ny varavarana-mivoha, anelanelan'ilay fiaingàna farany an'ny fiangonana Laodikia.

10 Ary dimy amby roapolo sy telonjato taona katroka izany hatreo amin'ny fivoriamben'ny Laodikia. Ary tao amin'izany no nampidirany an'ireo fomba ireo toy ny famafazan-drano, fandrarahana, sy ny batisa tsy marina, fanahy masina sandoka, ireo zavatra hafa rehetra ireo. Izy ireo no nampiditra an'izany.

11 Ary avy eo Lotera rehefa, izay pretra anankiray, nivoaka avy tao amin'ny fiangonana Katolika, dia nitondra ireo zavatra ireo niaraka tamin'izany. Ary avy tamin'izany no nivoaka i Zwingli, avy tao amin'i Zwingli no nivoaka i Calvin, avy tao amin'i Calvin no nivoaka i Wesley, oh, sy ny sisa. Ary izy ireo dia nihazona nitondra an'ireo fampianaram-piangonana ireo niampita foana. Ka ahoana moa no hahafahan'Andriamanitra hitarika ny Fiangonany, rehefa manaraka làlana izay tsy mbola Nentiny mba hitarihany azy mihitsy izy ireo?

12 Ary tadidio, ao amin'ny Apokalypsy 17, hitantsika "ilay vehivavy." Ankehitriny dia mazava ireo teny ireo. Voasoratra ao anatin'ny Baiboly izy ireo, ka dia ataoko fa azoko lazaina ireo. Voalaza fa io vehivavy io dia "janga." Midika izany fa vehivavy ratsy-laza izy io; fa natao hivady amin'ny lehilahy anankiray izy, nefa dia nijangajanga tamin'izao tontolo izao. Ary izy dia nanana . . . Izy dia "RENIN'NY MPIJANGAJANGA," noho izany dia nanana zanakavavy izy. Ary nataontsika sary ara-jeografia izany, tao amin'ny . . . Ary tao, izaho mihitsy, no nahita azy io ao anatin'ny Soratra Masina, nahita an'ireo fampianarany sy ny sisa, mino aho fa ny Tompo no nametraka azy io tsara mihitsy, mba tsy ho zavatra hafa ankoatry ny fiangonana Katolika. Izay ihany no fomba tokana haha-izy azy io. Ary inona no naterany? Ireo fiangonana Protestanta. Tena marina tokoa, izay no nataony.

13 Ary nanana ny kapoaky ny divain'ny fijangajangana teny an-tànany izy, ka nomeny an'ireo mpanjakan'ny tany izany. Ary izy no mpanapaka teo amin'ny tany rehetra, raha resaka ara-panahy. Ary tena marina tokoa izany. Tsy nisy hafa . . .

14 Jereo, ndao isika, afaka miverina any amin'ny Daniela isika ka mahazo an'ilay sariolona. Jereo ilay sariolona: ilay loha volamena, ny fanjakana Babyloniana; varahina . . . na volafotsy, Mediana-sy-Persiana; varahina, Aleksandra Lehibe, sy ny sisa, ny fanjakana Grika; avy eo ireo fitondrana Romana, Roma Atsinanana sy Andrefana, ireo tongotra anankiroa.

15 Ary mariho ao amin'ireo fanjakana folo ireo, izay tena tonga marina tokoa miaraka amin'ireo tandroka folo izay noresahintsika aninkeo maraina, ao amin'ny tsirairay amin'ireo fanjakana folo izay tsy maintsy hitsangana ireo, dia nisy vy sy tanimanga nifangaro. Ary io vy io dia avy teo amin'ny tongotra, izay i Roma. Ary nisy haraton'ny Romanisma avokoa mifangaro

eran'ny firenena rehetra ambanin'ny Lanitra, amin'ny alàlan'ny fiangonana Katolika. Tena marina tokoa izany. Fa tsy hifangaro mihitsy ireo, n'aiza n'aiza.

16 Ary hifanambady izy ireo, eo amin'ny samy izy. Ny Baiboly no niteny fa hataony izany. Ary jereo izy ireo ankehitriny. Ny zazalahinareo miaraka amin'ny zazavavy Katolika; rehefa hivady izy ireo, dia tsy maintsy manome toky fa hitaiza an'ireo zanany ho Katolika; hitanareo, na ny mifamadika amin'izany. Hitanareo, izany dia ny mba hanapotehana ny herin'ilay anankiray.

17 Saingy inona izany? Ny Baiboly dia manambara fa ny zavatra rehetra dia fijangajangana. Ankehitriny dia inona no hataonareo? Marina izany. Ary toy ny ahoana no hamaizana ireo fahotan'ny olona . . . Niverina tao amin'ny Deoteronomia indray isika, ary nampiseho fa ny zazasary anankiray, zaza mifangaro, dia tsy mahazo miditra ny fiangonan'ny Tompo mihitsy aza hatramin'ny taranaka efatra amby folo. Izany no teo ambanin'ny lalàna. Kristy dia tonga mba hanamafy ny lalàna. Toy ny inona ny hamaroan'izany ankehitriny?

18 Ary inona no mahazo azy ireo, inona no manjo an'ireo mpivarotena kely eny an-dàlambe ireo ankehitriny, ireo vehivavy kely mpitsentsitra sigara ireo, sy mpanao sorta, sy mpivarotena manapa-bolo, sy ny sisa? Inona no manjo azy? Izany dia satria ny renin'izy ireo no nanao toy izany. Faizina izany, ilay heloka, manomboka amin'ny taranaka anankiray mankany amin'ny manaraka. Izany izy io. Ary inona no azontsika? Tonga eo amin'ny toerana anankiray isika, fivangongoana anankiray fotsiny izay tsy misy afa-tsy ota maharikoriko.

19 Izany no antony nananganan'Andriamanitra an'i Rosia, tany, niaraka tamin'ny baomba atomika anankiray hamotika azy, tahaka ny tamin'ny safo-drano, rehefa nanangana ny rahona Izy. Azo antoka, Nataony izany. Ary ny Baiboly koa dia milaza an'izany. Rosia, amin'ny maha-firenena atheista azy ireo, athe [Tsy mino ny fisian'Andriamanitra—Mpand.], dia fitaovana fotsiny eo an-tànan'Andriamanitra Tsitoha. Tahaka ny Nebokadnezara Mpanjaka izay tsy maintsy nandrava an'Isiraely satria tsy nety nandeha niaraka tamin'Andriamanitra izy ireo, no nitsanganan'i Rosia mba "hamaly faty an'ireo masina," avy tao amin'ny fiangonana Katolika, ny ràn'ireo masina izay nalatsany. Ny Baiboly dia milaza izany koa. Halainy avokoa ny zavatra manontolo.

20 Koa jereo eto, raha tovovavy antoko mpihira ny reniny, sy ny renibeny, ka mpivarotena ny reniny, inona àry izy ankehitriny? Mpitanjaky ny rock-and-roll. Ho lasa inona ny zanak'izy ireo?

Dia hoy ianareo hoe, "Manao an'izany ve Andriamanitra?" Eny, tompoko.

21 Manafay ny heloky ny zanaka Andriamanitra, ilay taranaka, hatramin'ny taranaka efatra amby folo aza. Ary raha nanamafy an'io Kristy, hoy isika hoe, "Taranaka zato, na taranaka dimanjato." Nahoana, hoy Izy hoe, "Ireo tany aloha, efa renareo fa voalaza, ireo tamin'ny andro fahiny hoe, 'Aza mamono olona.' Izaho milaza hoe, 'Ianareo, izay tezitra amin'ny rahalahiny, tsy amin'antony, dia efa namono olona sahady.' Efa renareo fa voalaza, ireo tamin'ny andro fahiny hoe, 'Aza mijangajanga.' Fa Izaho kosa milaza fa izay mijery vehivavy ka mila azy, dia efa nijangajanga sahady." Nataony izany. . . Inona no atao hoe manamafy? Manao an'ilay izy ho lehibe kokoa hatrany. Ary raha teo ambanin'ny lalàna no taranaka efatra amby folo izany, dia ho ela toy ny inona kosa no haharetan'izany zavatra izany ankehitriny?

22 Fa ireo lehilahy tanora, sy ireo lehilahy mato-taona, ary ireo lehilahy manambady dia tsy manaja intsony ny voadin'ny fanambadiany. Nahoana, maka vehivavy fotsiny izy ireny dia miara-mitoetra aminy eny rehetra eny, dia tahaka ny alika mirenireny fotsiny. Ny alika aza mbola manana fanajana tsara kokoa sy fitondran-tena tsara kokoa noho ny an'ny olona sasany. Ary fantatro fa tena mahery loatra tokoa izany, saingy izany no marina.

23 Nahoana? Ary ireo fiangonana dia mandeha manaraka fotsiny sady tsy miteny na inona na inona mikasika an'izany. Nahoana? Manao tahaka ny ataon'ny mamany izy ireo. Nandova an'izany ny fiangonana. Satria, ny fiangonana sy io fiangonana Protestanta io dia nivoaka avy tao amin'ilay fiangonana Katolika, ny fahotan'ny fiangonana Katolika no namaizana ny Protestanta. Azo antoka tokoa, izany izy io, fa ny vilany tsy afaka hiantso ny fampangotrahan-drano hoe "maloto." Tena marina tanteraka izany.

24 Ankehitriny dia mahita isika, ary ao amin'ny Soratra Masina, mahita isika. . . Ary tsy nahita fanamarihana mihitsy aho eto ambony latabatra eto izao hariva izao. Hoy aho hoe, "Asehoy ahy ny toerana anankiray izay mba nanendren'Andriamanitra anaram-piangonana iray. Asehoy ahy ny toerana anankiray izay mba nanendren'Andriamanitra mpitoriteny vehivavy iray. Asehoy ahy ny toerana anankiray izay mba nanendren'Andriamanitra ny famafazan-drano. Asehoy ahy ny toerana anankiray izay mba nanendren'Andriamanitra fandrarahan-drano. Asehoy ahy ny toerana anankiray izay mba nanaovan'Andriamanitra batisa ny olona tamin'ny anaran'ny 'Ray, Zanaka, Fanahy Masina.' Tadiavo izany zavatra izany." Nefa dia mbola atao foana ireo. Efa tafiditra lalina ao amin'ny fiangonana fotsiny ilay izy.

25 Ankehitriny, hoy aho hoe, "Ny antony tsy hahatonga antsika ho Batista, dia satria isika mino ny fanaovana batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Tsy misy mihitsy na dia iray

aza, ao anatin'ny Baiboly, natao batisa tamin'ny fomba hafa. Asehoy ahy ny toerana anankiray izay nisy olona iray natao batisa tamin'ny anaran'ny 'Ray, Zanaka, Fanahy Masina,' fa hatsangako ny tànako dia hiteny hoe mpaminany sandoka aho."

26 "Ary raha ny Baiboly no miteny fa tsy maintsy atao 'batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ianareo,' dia midika izany fa io no fomba tsy maintsy anaovanareo azy. Paoly nandidy azy ireo mba haverina hatao batisa. Tsy mampaninona izay fomba nanaovana batisa azy ireo, tsy maintsy nanatona izy ireo, natao batisa indray. Ilay lehilahy izay nanao batisa an'i Jesosy Kristy ihany no nanao batisa azy ireo; Jaona Mpanao Batisa. Hoy izy hoe, 'Tsy mety intsony izany. Mila manatona ianareo, hatao batisa indray.' Ary tsy maintsy nanao an'io izy ireo nialohan'ny nandraisan'izy ireo ny Fanahy Masina. Izany no fandaharan'Andriamanitra."

27 Afaka miditra lalindalina kely noho izany aho, izao hariva izao. Nahoana? Mihazona ny Teniny Jesosy. Mino izany ve ianareo? Ankehitriny, saika ianareo rehetra mihitsy no teto aninkeo maraina, saingy tiako ny hamaritra misimisy kokoa eo amin'izany.

28 Nahoana i Paoly no nanira-. . . nandidy an'izany taorian'ny nahavitan'ilay izy? Hoy i Paoly hoe, "Na dia Anjely avy any An-danitra aza no tonga ka mitory zavatra hafa, aoka izy ho voaozona."

29 Ankehitriny hoy ianareo hoe, "Nahazo Hazavana vaovao izahay ny amin'io." Tsia, tsy manana ianareo. Izany ilay fomba nentin'ny devoly nanatona an'i Eva, karazana Hazavana vaovao. Tsy mila Hazavana vaovao izany ianareo. Mila mandeha ao amin'ilay Hazavana izay efa napetrak'Andriamanitra eto ianareo, dia izay ihany.

30 Ankehitriny jereo ity, tena tsotra fotsiny. Rehefa nidina avy teny amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy izy ireo, nilaza Jesosy, tamin'ireo Mpianany, "Ataon'ny olona ho iza moa Aho ilay Zanak'olona?"

"Ny iray miteny hoe Ianao no 'Mosesy, na Elia, anankiray amin'ireo mpaminany.'"

Hoy Izy hoe, "Iza kosa hoy ianareo?"

31 Hoy izy, hoy i Petera hoe, "Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona."

32 Hoy Izy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona, zanak'i Jonasy; fa tsy ny nofo aman-drà no naneho anao izany." Hitanareo, tsy avy amin'ny alàlan'ny seminera izany. Tsy avy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana izany. "Tsy ny nofo aman-drà no naneho anao izany. Tsy nianaranao tany amin'ny sekolin'ny teolojia mihitsy izany. Fa ny Raiko, izay any An-danitra, no naneho izany taminao. Ary eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako

ny Fiangonako; ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy azy," ny fanambarana ara-panahy ny hoe Iza Izy.

33 Mariho, "Ary Izaho milaza fa ianao no Petera. Ary Homeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakana. Ary izay rehetra fehezinao ety an-tany, dia ho Feheziko any An-danitra; izay rehetra vahanao ety an-tany, dia ho Vahako any An-danitra." Ankehitriny, tsy maintsy nihazona ny Teniny Izy raha tsy izany dia tsy Andriamanitra Izy. Ankehitriny, ary rehefa nanao izany Izy, andro vitsy taty aoriana; nohomboana Izy, nitsangana, niakatra any An-danitra, dia i Petera no nanokatra ny Filazantsara tamin'ny Andro Pentekosta. Nanao izany ve izy? Izy, marina tokoa, no nanao izany. Ankehitriny jereo, rehefa izy . . .

34 Naniratsira azy ireo avokoa izy rehetra, satria feno ny Fanahy izy ireo. Nantsoiny hoe "taitaitra, holy-rollers," na karazana anarana toy izany. Ary nihomehy mihitsy aza izy ireo, ka nanao hoe, "Leon'ny divay vaovao ireo."

35 Ary Petera nitsangana teo afovoan'izy ireo, nanandratra ny feony, ka hoy izy hoe, "Ry lehilahy sy rahalahy, henoy ny feoko. Henoy ny teniko dia henoy aho. Tsy mamo araka ny fiheveranareo azy ireo; vao ora fahatelo amin'ny andro izao. Fa izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe, 'Ary izao no ho tonga amin'ny andro farany, fa handatsaka ny Fanahiko Aho,' sy izay Hataony amin'ireo Zananilahy, sy ireo Zananivavy, sy ireo Mpanompovaviny, ary ny sisa, amin'izany andro izany."

36 Ary rehefa nanomboka nandre izany izy ireo, dia voatsindrona tao am-pony. Satria, nandre lehilahy anankiray izay tsy mahay ny ABD-ny akory, nefa dia voatery izy ireo nahatsikaritra azy, nahalala fa nanana Zavatra izy io tao anatiny tao, nampirehitra azy, dia ny Fanahy Masina. Hanakana azy ve? Fa, izany dia ho tahaka ny miezaka hamono afo, ao amin'ny trano maina anankiray, amin'ny andro mandrivotra be. Tsy vitanareo izany. Feno ny Fanahy Masina izy. Ary inona no nataony teo?

37 Hoy izy ireo hoe, "Eny, ry lehilahy sy rahalahy, inona no hataonay mba hamonjena anay?"

38 Ankehitriny tandremo, ry Petera, ianao no manana ny fanalahidin'ny Fanjakana. Hitanareo?

39 Ankehitriny, rehefa nitsangana Jesosy tamin'ny andro fahatelo, dia tsy nanana ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny Lanitra Izy. Efa fantatrareo ve izany? Hoy Izy hoe, "Manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo Aho," fa tsy ny an'ny Fanjakana, satria efa nomena an'i Petera ireo.

40 Ankehitriny hoy Izy hoe, "Ry Petera, izay vahanao ety an-tany, dia ho Vahako any An-danitra. Izay fehezinao ety an-tany, dia ho Feheziko any An-danitra."

41 Ankehitriny indro izy mitsangana miaraka amin'ireo fanalahidy, hanokatra an'ity zavatra voatahy ity ho an'izao

tontolo izao. Ary indro izy nanana ireo fanalahidy eny an-tànany. Ary dia nanontany ireo hoe, "Inona no hataonay mba hamonjena anay?" Ankehitriny, na inona na inona lazain'ilay apostoly fa hatao, dia tsy maintsy eken'Andriamanitra izany any An-danitra, raha Nomeny azy izany fahefana izany.

42 Ankehitriny hoy Petera hoe, "Mibebaha, ianareo rehetra, ary aoka samy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny helokareo, ary ianareo handray ny fanomezana dia ny Fanahy Masina." Marina ve izany? Ary izay no antony tsy nihodinan'ny fanalahidy any An-danitra ho any amin'ny anarana hafa, amin'ny fomba hafa, amin'ny—amin'ny endrika hafa. Nihodina tety an-tany izany, ary nihodina tany An-danitra, raha tsy izany dia tsy nihazona ny Teniny tamin'i Petera izany Jesosy. Ary amin'ny toerana rehetra ao anatin'ny Baiboly dia natao batisa izy ireo, taorian'izany, natao batisa izy ireo tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary ireo izay vita batisa talohan'izany, dia tsy maintsy nanatona ka natao batisa indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hahazo ny Fanahy Masina. Izany no tena izy. Mbola mitohy toy izany foana io.

43 Noho izany, raha mampianatra batisa amin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina isika," dia faminaniana sandoka izany. Ankehitriny tsy te-handratra anareo aho, saingy tsy maintsy apetrako izao mba hahafantaran'ity fiangonana ity hoe inona. Tsy andian'olona bado tsy mahay mamaky teny akory isika no eto; fantatsika hoe aiza no ijoroantsika eo amin'ny Tenin'Andriamanitra. Hitanareo, mahalala isika. Mihaika ny tsirairay aho haneho amiko toerana anankiray izay mba nisy olona natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Ankehitriny ny faminaniana sandoka ve no henoinareo sa ny Fahamarinana? Zahao ny Soratra Masina. Miankina aminareo izany.

44 Asehoy ahy hoe aiza izay olona anankiray ao anatin'ny Baiboly, aiza izay fiangonana anankiray notendrena ho anaram-piangonana ao anatin'ny—ao anatin'ny Baiboly. Asehoy amiko ao anatin'ny Baiboly hoe aiza no nanendren'izy ireo mpitoriteny vehivavy. Asehoy amiko ao anatin'ny Baiboly hoe aiza ireo zavatra rehetra ireo, izay noresahintsika ny mikasika azy, no notendrena ao anatin'ny Baiboly. Tsy ao izany. Ilazao toerana anankiray aho. Mandehana ianareo any amin'ny anaram-piangonana iray . . .

45 Eny, rehefa nipoitra ireo Metodista, dia nitory ny fanamasinana izy ireo. Tsara izany. Saingy, rehefa nanao izany izy ireo, dia nanao anaram-piangonana anankiray, dia tafajanona teo izany. Izay no antony nilazan'ny Baiboly hoe, "Manana anarana ianao."

Hoy ianareo hoe, "Kristiana aho."

"Ka, anaram-piangonana inona no misy anao?"

46 Hoy ianareo hoe, "Metodista," dia, mpijangajanga anankiray ianareo izany. "Batista aho," mpijangajanga. "Pentekotista," mpijangajanga anankiray ianareo. An'ilay fiangonana izany ianareo.

47 Tokony ho an'i Kristy ianareo. Tsy misy ilàna ny hilazanareo hoe, "Metodista," "Batista." Raha Kristiana ianareo, dia Kristiana ao amin'ny fo ianareo.

48 Ny tsirairay amin'ireo anaram-piangonana ireo dia afaka hamokatra zanaka, zanak'Andriamanitra, marina izany. Saingy raha mihevitra ianareo fa hoe ho any An-danitra satria fotsiny hoe Metodista ianareo na Batista, dia diso ianareo. Ary izay no antony itoerantsika ivelan'izany zavatra izany.

Nahoana no tsy mahita ireo Batista?

49 Nanontany lehilahy Metodista iray aho teto, nanoratra tsoakevitra iray, efa voasoratra taloha ela be. Hoy izy hoe, "Ny zavatra tokana hanoheranay anao, dia ianao miaraka amin'ny Pentekotista."

Hoy aho hoe, "Iza ilay 'izahay'?"

"Izahay, Metodista."

50 Hoy aho hoe, "Eny, holazaiko anao izay hataoko. Ho avy any amin'ny tanànanareo aho dia aoka ny Metodista no hiantoka an'izany."

"Oh," hoy izy, "mazava ho azy, fa tsy afaka hanao izany izahay."

51 Hoy aho hoe, "Izany indrindra no noeritreretiko. Mijanona miaraka amin'ireo Pentekotista aho satria ireo Pentekotista dia mino an'izany. Marina izany. Manohana an'izany izy ireo. Izy ireo no isan'ny misintona tombontsoa amin'izany."

52 Firy no namaky ilay lahatsoratra tao amin'ny magazina *Life*, vao haingana mihitsy, mikasika ny fiangonana Pentekotista? Izany no anisan'ireo trangan-javatra lehibe indrindra amin'izao taona izao. Izy ireo no mahazo olona miova fo maro ao anatin'ny taona iray noho ireo fiangonana sisa rehetra mitambatra. Nahoana? Na dia eo aza ireo fahadisoany, dia mampandroso azy ireo foana Andriamanitra, satria izy ireo dia mino ny Fahamarinana ary mandeha miaraka amin'Izany. Izany no Fahamarinana.

53 Saingy inona no ataontsika ankehitriny? Hitanareo? Izay no antony hoe isika dia tsy anaram-piangonana. Ary raha mbola anaram-piangonana foana ny Pentekotista . . .

54 Ary tamin'ny andro fahiny, raha narotsaka voalohany tamin'ilay fiangonana Pentekotista ny Fanahy Masina, efapolo taona lasa izay, dia nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, iray amin'ireo fanomezam-pahasoavana. Izany no kely indrindra amin'ireo fanomezam-pahasoavana. Izany no kely amin'ireo fanomezam-pahasoavana, araka ny Masindahy

Paoly, dia ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Ary vantany vao nilatsaka izany, "Oh," hoy izy ireo, "anananay Izy ankehitriny," ary nanao anaram-piangonana anankiray izy ireo, ny Filankevitra Ambony, izay ny Assemblées de Dieu izany ankehitriny. "Oh, tsy misy olona nanana an'Izany raha tsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy," ary dia nanalavitra azy ireo avy hatrany fotsiny Andriamanitra, ary namela azy ireo hitoetra teo. Marina tokoa. Eny, tompoko.

55 Nandritr'izany dia tonga ilay hoe mino Andriamanitra tokana, ka nahita ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy. Hoy izy ireo hoe, "Oh, manana Azy isika," nanangana rafitra izy ireo. Inona no ataon'izy ireo? Niala avy hatrany Andriamanitra ary namela azy ireo hitoetra teo.

Izany dia satria, "Izay maniry, aoka izy ho avy."

56 Hitanareo, ilay mino Andriamanitra tokana dia tsy afaka ny handeha ao amin'ilay Assemblées. Ilay Assemblées tsy afaka ny handeha ao amin'ilay mino Andriamanitra tokana. Niresaka tamin'ny sasan-tsasany amin'ireo mahay indrindra ananan'izy ireo aho, Atoa Goss, sy Dr. Pope, ary maro. Ireo lehilahy izay olomalaza ao amin'ny . . . Niara-nipetraka tamin'izy ireo aho. Hoy aho hoe, "Ahoana no ahafahanareo mampianatra an'izany ho fahamarinana fototra, ianareo manam-pahaizana?"

57 "Eny," hoy izy, "Rahalahy Branham," iray, roa na telo tamin'izy ireo, no tena tso-po tanteraka, nanao hoe, "fantatray fa diso izany, saingy inona no azonay hatao? Raha milaza zavatra hafa mikasika an'izany izahay ankehitriny, eny, dia hampiato ny fandaharana manontolo izany." Azo antoka, fa tsy ho eveka intsony ianao, na mpanara-maso ambony. Izay ilay hevitra.

58 Rahalahy, aleoko kokoa manana asa kely eny an-jorony, na mitory eny ambany hazo kesika anankiray, nefa manana ny Fahamarinana, marina tokoa, ka mahalala fa milaza ny Fahamarinana. Mila ny Fahamarinana ny olona. Ary ianareo dia voatery, amin'ny maha-Kristiana, ny hitondra ny fanambaran'ny Fahamarinana. Ho tazonin'Andriamanitra ho tompon'andraikitra amin'izany ianareo.

59 Noho izany, eo amin'ireo zavatra ireo, raha tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ianareo, ka tsy nanao an'ireo zavatra ireo ianareo, ary tsy naharay ny batisan'ny Fanahy Masina ianareo . . .

60 Hoy ianareo, "Oh, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho." Tsy milaza akory izany fa nahazo ny Fanahy Masina ianareo.

61 Izaho efa nahita mpamosavy vavy, mpahay majika, demony, sy ny sisa hafa, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Marina tokoa. Tsy nanana ny Fanahy Masina izy ireo, ary fantatrareo izany. Misotro rà avy ao amin'ny karandohan'olona, sy mandihy, sy miantso ny devoly, ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Marina tokoa. Tsy nanana ny Fanahy Masina izy ireo.

62 Koa, raha niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, dia tsy midika izany fa hoe nahazo Azy ianareo. Ny fomba tokana hahafantaranareo fa nahazo Azy ianareo, dia rehefa ny fanahinareo no manambara miaraka amin'ny Fanahiny, ka manaraka anareo ireo vokatry ny Fanahy: fitiavana, finoana, fifaliana, fiadanana, faharetana, fahamoram-panahy, fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy. Izany no izy rehefa fantatrareo fa nahazo ny Fanahy Masina ianareo. Manambara ny Tenany Izany.

63 Ankehitriny, raha mitady hiankina amin'izany ianareo, satria hoe mpikambana ao amin'ny Assemblées ianareo, na ao amin'ny Batista, na ao amin'ny Presbyterana, dia hitanareo hoe inona no ataonareo? Mandray ny anarana mpijangajanga anankiray ianareo. Tena marina izany. Mivoaha avy amin'io zavatra io. Alaviro io. Tsy ny miala ao amin'ny fiangonanareo na zavatra hafa no tiako holazaina; ataovy izay tianareo atao amin'izany. Saingy alaviro kosa ny fiankinana amin'izany, "Oh, Presbyterana aho. Tsy mino ny andron'ny fahagagana izahay." Nahoana no tsy mino ianareo? Ny Baiboly no mampianatra an'izany. "Oh, mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Kristy aho. Hoy izy ireo hoe efa lasa ny andron'ny fahagagana." Mpaminany sandoka ireo.

64 Azoko atoro anareo ny misy an'izay nanomezan'i Jesosy Kristy ny Hery ho an'ny Fiangonana, ny fanasitranana ny marary, ny fananganana ny maty, ary ny fandroahana devoly. Mihaika olona aho hanoro ahy ny Soratra ao amin'ny Baiboly izay Nanesorany an'izany tao amin'ny Fiangonana. Inona no nanaisotra an'izany? Ny foto-pampianaranareo manokana, mihitsy, fa tsy ny Tenin'Andriamanitra. Ny Fanahy Masina dia mbola manao foana an'ilay asa natao, manohy foana tsy miova, ary hanao mandrakizay Izy.

65 Izay no antony hoe tsy anaram-piangonana isika, "Manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny; mihodina miala amin'izany." Tsy mino ny karazan-javatra toy izany isika.

66 Ankehitriny, ahoana no tena nanombohan'izany? Handeha haingakaingana isika ka haka izany haingana arak'izay azo atao ankehitriny, ahoana no nanombohan'izany. Ankehitriny isika dia manana Soratra betsaka voasoratra eto mikasika ny Fanahy Masina.

67 Ary zavatra hafa koa, nanao fihaikana isika omaly hariva, mikasika "ny faharetan'ireo masina," tsy araka ny fomba inoan'ireo Batista azy. Tsia, tompoko. Tena tsy miombon-kevitra amin'ireo Batista sy ny heviny aho, avy amin'ireo foto-keviny avy ao amin'ny Kalvinisma. Tsy miray hevitra amin'ireo Presbyterana aho. Tsy miray hevitra amin'ireo Metodista eo amin'ireo fombany avy ao amin'ny fampianarana Armeniana aho. Eny, tompoko. Fa samy nanana ny fahamarinana izy

ireo, saingy tsy maintsy averinareo *Eto* amin'izay misy an'ilay Fahamarinana kosa izy ireo. Raha eo ianareo no hihazakazaka, dia mihazakaza-poana miaraka amin'izany ianareo. Marina tokoa.

68 Tonga ireo Batista, manao batisa olona vitsivitsy teto, tamin'ny fanitrihana; ary nanao batisa azy ireo ilay mpitoriteny, ny sivy tamin'ireo folo nifoka sigara, nivoaka dia nitsangana teo, sady nilalao karatra, lôtô nandritry ny alina, mandehandeha, ary manao fifanakalozana tsy mahitsy; ary ny vehivavy rehetra manao sorta amin'izany, mandehandeha eny amin'ny arabe, sy manapaka ny volony, ary—ary mifoka sy miresaka, ary lanonana kely momba ny lamaodin-jaitra, sy manao vazivazy maloto. Dia izany ve no antsoinareo hoe Kristianisma? Dia mihevitra ve ianareo fa nanana ny antoka Mandrakizay? Tahaka izany no handehananareo any amin'ny Helo. Tsy hampifaly ny tenanareo any An-danitra amin'ny karazan-javatra toy izany ianareo. Tena tsy izany tokoa. Tsy izany no antoka Mandrakizay.

Fa rehefa ateraky ny Fanahy Masina indray ny olona . . .

69 Ary ianareo Pentekotista, satria hoe nitsambikimbikina ambony ambany ianareo, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, mihazakazaka mandroso sy miverina eny amin'ny làlantsara, tsy midika izany fa hoe nanana ny antoka Mandrakizay ianareo. Aza ataonareo ao an-dohanareo mihitsy izany. Tsia, tompoko. Tsy izany marina tokoa io. Satria, ianareo dia mahalala fa ny anareo manokana—ny fiainanareo manokana izay mitondra anareo, no manambara, fa tsy mahitsy eo anatrehan'Andriamanitra ianareo. Marina izany. Tsy mahitsy ianareo. Tsy izany no antoka Mandrakizay, tsy mbola.

70 Fa te-hanontany zavatra aminareo aho. Misy ve ny antoka Mandrakizay? Milaza an'izany koa ny Baiboly. Ny Baiboly dia nilaza fa ny anaranareo dia natao tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'Ondry talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao.

71 Tahaka an'izay nolazaiko aninkeo maraina, dia lazaiko indray izany. Ilay lehilahy nanoratra an'ilay hira hoe, "Nisy anarana vaovao anankiray nosoratana tao amin'ny Voninahitra izao hariva izao, ary ny ahy izany," marina avokoa ny heviny, saingy diso izy, ara-tSoratra. Tsy ny harivan'ny namonjena anareo no natao tao ny anaranareo.

72 Ny anaranareo, araka ny Baiboly, araka ny Apokalypsy 13, 17, sy ny sisa, "dia natao tao talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao; ary Jesosy Kristy dia voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

73 Ahoana no hanaovan'Andriamanitra, Ilay tsy manampetra; ahoana no hanaovan'Andriamanitra tsy manam-petra anankiray, izay mahalala ny farany hatrany am-piandohana,

ahoana no Namelàny ny ota ho tonga tety an-tany, raha tsy nisy antony anankiray?

74 Hanohanana an'ireo zavatra izay noresahintsika fotsiny ankehitriny. Inona no taloha, ny Mpamonjy sa ny mpanota? [Olona iray tao amin'ny fiangonana no niteny hoe, "Mpamonjy."—Mpand.] Mpamonjy, azo antoka. Iza no mahery kokoa, ny Mpamonjy sa mpanota? Raha ny Mpamonjy no mahay manaisotra ny ota, dia Izy izany no mahery kokoa. Eny, nahoana no Navelany hisy teo amin'ny laharana voalohany ny ota? Mba hanehoana fa Izy no Mpamonjy. Iza no mahery kokoa, ny mpanasitrana sa ny aretina? ["Ny mpanasitrana."] Ny mpanasitrana. Koa nahoana àry no Navelany ho tonga ny aretina? Mba hanehoana fa Izy no mpanasitrana. Mahatsapa ho tena tafiditra tsara aho ankehitriny. Eny, tompoko. Oh, oadray! Ireo Toetrany izany.

75 Izany no antony Namelany ny olana ho tonga. Izany no antony Namelany ny alahelo ho tonga, mba hanehoana fa Izy no fifaliana. Azo antoka, izany no izy. Izany no antony nahazoan-tsika ny alina, mba hanaporofoina fa misy ny andro. Izany no antony nahazoan-tsika ny hatezerana, mba hanehoana fa misy ny fiadanana. Azo antoka, izany no mahamety sy ny tsy mahamety. Oh, mahafinaritra Izy.

76 Ankehitriny, ahoana no nanombohan'io? Hiditra avy hatrany amin'izany isika, tena haingana arak'izay azontsika atao mihitsy, mba tsy hitazonako anareo ny alina manontolo. Ankehitriny, tsy maintsy nisy fiandohana ny zavatra rehetra.

77 Ary te-hanontany zavatra aminareo aho. Ankehitriny ity dia mety . . . Asisiho kely ao anaty paosin'ny palitaonareo fotsiny ity. Tsy ilainareo hatao ao amin'ny efa fandre mahazatra ity. Saingy henoy ity.

78 Raha famoronana Mandrakizay anankiray ianareo, dia tsy nanana fiandohana anankiray izany ianareo, na mety hanana fiafarana anankiray. Satria, ny *Mandrakizay* dia avy amin'ny teny hoe "ilay tsy manana fiandohana na fiafarana."

79 Tsy tadidinareo ve izany? Hoy aho, aninkeo maraina, hoe ahoana ilay Melkizedeka, rehefa nihaona tamin'i Abrahama niverina avy tamin'ilay fandripahana mpanjaka izy. Ary ny Baiboly dia milaza, ao amin'ny Hebreo 7, fa—fa "Levy dia nandoa ny ampahafolony tamin'i Melkizedeka, raha mbola tao anatin'i Abrahama rainy izy." Abrahama niteraka an'i Isaka; Isaka niteraka an'i Jakoba; Jakoba niteraka an'i Levy. Izany hoe ray, raibe, ary rain'ny raibe. Ary raha mbola tao anatin'ny rain'ny raibeny i Levy, ny Baiboly dia nametraka trosa taminy handoa ny ampahafolony amin'i Melkizedeka. Miresaka mikasika ny Mandrakizay ianareo! Oadray, oadray! Tsy nilaza mihitsy izy hoe, "Nataony tao amina tandindona izany; nataony sarintsariny izany." Ny Baiboly dia milaza hoe, "Nandoa ny ampahafolony izy." Amena.

80 Noho izany, rehefa tonga ilay voa tsara, raha nitory ny Filazantsara i Paoly dia teo aho ary teo ianareo. Hiditra eo amin'izany isika, afaka iray minitra fotsiny, hamantsika an'izany ao amin'ny sofintsika. Mariho, izany no ambaran'ny Soratra, amintsika, ary lasa tany aoriana lavitra be aza izany.

81 Eritrereto fotsiny! Levy; avy eo Jakoba, ilay rainy; avy eo Isaka, ilay rainy; avy eo Abrahama, ilay rainy; ilay rain'ny raibeny. Raha mbola tao anatin'ilay rain'ny raibeny i Levy, dia efa nandoa ny ampahafolony amin'i Melkizedeka.

82 Te-hanontany anareo aho. Iza io, Joba 27 . . . 38, rehefa hoy Izy hoe, "Taiza ianao raha nanao ny fanorenana ny tany Aho? Raha niara-nihira ireo kintan'ny maraina, ka nihoby fifaliana ireo zanak'Andriamanitra?" Iza ireo zanak'Andriamanitra izay nihoby fifaliana ireo? Niteny tamin'izy ireo Jesosy, fa, "Niara-nifaly taminareo Aho talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Isika tsy famoronan'ny fotoana. Isika dia famoronan'ny Mandrakizay.

83 "Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy taomin'ny Raiko izy. Ary izay rehetra manatona Ahy, dia Izaho no hanome azy Fiainana Mandrakizay, ary hanangana azy amin'ny andro farany. Tsy hisy haharombaka azy eo an-tànan'ny Raiko, Izay nanome Ahy azy ireo." Ahoana no hahavery antsika?

84 Hitanareo, ianareo mitebiteby. Ianareo matahotra. Ianareo mihazakazaka etsy sy eroa. Fa izany no fanamarinana lehibe indrindra, eto ambonin'ny tany, fa tsy taiza na taiza akory ianareo. Marina izany. Ahoana moa no nahafahan'Andriamanitra namonjy anareo raha Izy . . .

85 Firy aminareo ato amin'ity fiangonana ity no hanangana ny tànany, ka hino fa tsy manam-petra Andriamanitra? Fantatrareo ve ny dikan'ny teny hoe *tsy manam-petra*? Tanteraka fotsiny izao izany. Tsy manam-petra, tsy hainareo—tsy hainareo hazavaina ny teny hoe *manam-petra*.

86 Efa mba naka ny fakàn-tsarinareo ve ianareo ka nanao azy io teo amin'ny tsy manam-petra? Fa, izany dia midika fotsiny hatramin'izany fotoana izany. Eny àry. Tsy misy fomba intsony hanitsiana azy.

87 Eny, izay no maha-izy an'Andriamanitra. Tsy manam-petra Izy. Ary raha tsy manam-petra Izy, dia tsy hisy voangory anankiray, tsy lalitra anankiray, tsy parasy anankiray, tsy hao anankiray, tsy pia anankiray, na inona na inona nisy teto an-tany, na izay mbola hisy, ka tsy fantatr'Andriamanitra talohan'ny nanaovana an'izao tontolo izao. Izany no karazana fanehoana ny hoe tsy manam-petra.

88 Eny, noho izany, raha Andriamanitra tsy manam-petra anankiray Izay mamonjy anareo eto, no mahalala fa hanary anareo Izy amin'ny herinandro ambony, na amin'ny volana ambony, na amin'ny herintaona, dia, manafoana an'ilay tena

tanjony Izy izay. Tsy afaka hanary anareo Izy. "Izay mandre ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay ary tsy ho tonga eo amin'ny Fitsarana mihitsy, fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izy." Tsy vitany izany. Ianareo tsy ho . . .

89 "Izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota; satria ny voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy, ary tsy mahay manota izy." Ahoana moa no hahafahany manota rehefa misy ny fanatitra noho ny ota ho azy?

90 Ahoana no hahafahako harary raha ao anatin'ny fahasalamana tanteraka aho? Ahoana no hahafahako ho jamba raha afaka mahita aho? Oh, oadray! Ahoana no hahafahako sady ato anaty trano no any ivelan'ny trano amin'ny fotoana iray mitovy? Ahoana no hahafahako sady mamo no tsy mamo amin'ny fotoana iray mitovy? Tsy vitanareo izany.

91 Ary rehefa voavonjy ianareo, dia eo ambanin'ny Fanavotana ianareo izay, ary ny helokareo dia tsy ho isaina. Tsy nilaza ve Davida hoe, "Sambatra ny olona izay tsy isain'Andriamanitra heloka, sy voasarona ny fahotany"? Andriamanitra tsy mitahiry ny heloky ny Olony. Mahery izany. Tsy ero-dronono izany. Fa izany ny Baiboly. Andriamanitra tsy manisa ny heloky ny marina.

92 "Andriamanitra," tamin'ny Fahasoavany, tamin'ny alàlan'ny fanendrena mialoha, "dia tsy nisy tiany ho faty, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana ny rehetra." Fa amin'ny maha-tsy manam-petra, ka mahalala hoe iza no ho tonga ary iza no tsy ho tonga, dia afaka nanendry mialoha ny zavatra rehetra Izy mba hiasa ho an'ny Sitrapony. Raha tsy nanao izany Izy, dia ahoana no Namelany ny ota ho eo amin'ny laharana voalohany? Fony Mpamonjy Izy . . . Raha toa ka tsy nisy mihitsy ny mpanota, dia tsy ho Mpamonjy mihitsy Izy; ilay toetra, izay tao Aminy, dia tsy hivoaka mihitsy.

93 Ahoana moa no hahatonga Azy ho mpanasitrana? Ahoana no hahatonga Azy ho mpanasitrana? Satria Navelany ho tonga ny aretina, mba Hahafahany maneho ny Tenany ho mpanasitrana. Mpanasitrana Izy. Ahoana no mba hahafahanareo ho . . . Ahoana no nampahafantarany Azy? Ahoana no nahafahan'ireo Toetrany niasa? Ahoana no nahatonga Azy ho mpanasitrana, raha tsy nisy mihitsy ny aretina? Tsy maintsy Navelany hisy ny aretina.

94 Tsy mahagaga, hoy i Paoly, ao amin'ny Romana 8. "Ry olona adala, iza no afaka hiteny amin'ny—ny mpanefy vilany hoe inona no hanaovana an'ity; iza, raha hitsangana ny tanimanga ka hanao hoe, 'Nahoana no ataonao, ianao, toy izao aho?' Tsy nanangana an'i Farao ho an'ny tanjona anankiray ve Izy, mba Nahafahany naneho ny Voninahiny tany Egypta? Manamafy fo an'izay tiany Izy, ary manamarina an'izay tiany Izy. Tsy an'izay maniry izany, na an'izay mihazakazaka, fa Andriamanitra izay maneho famindrampo."

95 Noho izany, tsy mila manao na inona na inona amin'izany ianareo. Tsy manana zavatra anankiray hatao ianareo. Raha fahasoavana ilay izy, raha fanomezana maimaim-poana ilay izy, dia tsy misy na zavatra anankiray aza azonareo atao mikasika an'izany. Efa nomen'Andriamanitra anareo izany, ary izay no sitrapon'Andriamanitra. Izany no zavatra efa notendren'Andriamanitra mialoha ho anareo.

96 Ny Baiboly dia milaza fa isika dia "voatendry mialoha ho zanaky ny fananganan'anaka, zanak'Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Noho izany, rehefa novonoin'Andriamanitra ilay Zanak'Ondry, tao amin'ny Fisainany Manokana, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba hampisehoana an'ireo Toetrany, izay naha-Izy Azy; rehefa voavono ilay Zanak'Ondry, dia voavono niaraka tamin'Io isika. Rehefa azo ilay Ràn'ny Zanak'Ondry tao amin'ny Fisainany Manokana, tany alohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ny ahy sy ny anaranareo dia efa voasoratra tao amin'ny Boky tamin'izany, izany rehetra izany dia tao amin'ilay Fisainany lehibe.

97 Tsy manam-petra Izy. Raha tsy nanao izany Izy, dia nahoana no Navelany hisy izany? Iza no tena mahery indrindra, (hoy aho,) ny Mpamonjy sa mpanota? Iza no manana ny hery lehibe indrindra? Noho izany, ilay mahery kokoa no tsy maintsy mamela ny malemy kokoa hisy, ary Izy irery ihany no manao izany ho an'ny Voninahiny. Rehefa nanao an'i Losifera Izy, dia efa fantany fa ho devoly izy io. Tsy maintsy Navelany hisy teo io mba hanehoana fa Izy no Mpamonjy, ilay Kristy. Tsy maintsy Navelany hiseho arak'izany io.

98 Ankehitriny, tsy nilaza ve ny Baiboly, fa, "Ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany dia inona àry no mampitebiteby anareo amin'izany?

> Ndao isika hitsangana ka hanao,
> Miaraka amin'ny fo ho an'ny ady rehetra.
> Aoka tsy ho toy ny biby fiompy moana izay tarihana, ka
> tsy maintsy hiangavy sy ho resen-dahatra!
> Fa aoka ho mahery fo!

99 Tiako izany. Mitsangàna! Tononkira kely anankiray izay nanampy ahy betsaka fahiny raha mbola zaza aho, zavatra tahaka an'izao.

> Nisy andriana Romana anankiray,
> Tamin'ny andron'ny Fanjakana Romana;
> Izay nandre kanosa iray mpigoraraika,
> Teo anoloan'ny lapa nanao hoe:

"Oh, azo itokiana ny ao anatin'ity karazan-kazo ity,
Tsy misy olona afaka hanozongozona azy."
"Oh, tsia," hoy ilay mahery fo,
"Hahita fomba iray aho na hamorona an'izany."

100 Eo ianareo izao. Marina izany. Raha mampianatra ny Baiboly fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay . . . Tsy zavatra mora tsy akory raha nivoaka an'ity tabernakla ity aho tamin'izany andro izany, ary ny rehetra nilaza tamiko hoe *ity* no hitranga, ary *izao* no hitranga. "Hataon'ny olona ho mpirehidrehi-poana ianao, hataony ao antranomaizina, ary ny fikambanana ara-pitsaboana rehetra dia hanohitra anao avokoa." Saingy Andriamanitra no nanao hoe ataovy izany. Ny Baiboly dia nilaza fa Izy izany. Ary ankehitriny dia mirehitra eo amin'ny firenena rehetra ety ambanin'ny Lanitra ny afom-pifohazana. Nahoana? Mijoroa amin'izany!

Ahoana no hikatrohanao ny asanao isan'andro?
Mitebiteby amin'ny asa hitanao ve ianao?
Afaka mijoro tsara amin'ny asa eo anoloanao ve ianao?
Tratry ny fisainana foana sy reraka ve ianao?
(Halako izany karazan-javatra izany.)
Sa mijoro tsara amin'ny asa eo anoloanao ianao,
Sa misy tahotra manaraka foana eo amin'izany?
Raha izany, katrohy ny manaraka izay hitanao,
Saino fa ho vitanao izany.

101 Mijanona miaraka amin'io. Marina tokoa. Mandraisa fanapahan-kevitra ao am-ponareo, tahaka an'i Daniela. Mijanona miaraka amin'Andriamanitra.

102 "Taiza no nitrangan'ity? Ahoana no nisian'ity? Inona no hanaovan'ny olona an'izany? Nahoana isika no tena efa mila ho vonona ho potehina? Rahalahy Branham, hazavao amiko. Inona no nahatonga anao mihevitra fa izao zavatra manontolo izao dia tsy maintsy ho ravàna?" Efa noravàna indray mandeha izy io taloha, (marina ve izany?) tamin'ny fanapotehan'ny safo-drano. Ankehitriny dia tonga ireo zavatra lalina. Ary ho vonona ny hamaky isika.

103 Ankehitriny dia tiako ianareo hamadika miaraka amiko izao, any amin'ny Bokin'ny Genesisy, ao amin'ny toko faha-3. Raha te-hahalala zavatra ianareo, dia afaka hampiseho anareo aho ao amin'ny Bokin'ny Genesisy izay misy ny sekta rehetra sy ny isma rehetra, ary ny zavatra rehetra izay ananantsika mihitsy ankehitriny, nanomboka tao amin'ny Genesisy. Firy no mahalala fa ny hoe *Genesisy* dia midika hoe "ny fiandohana"? Marina tokoa.

104 Hitantsika ilay fiangonana Katolika tany amin'ny fiandohana, Babylona, Nimroda no mpanorina; hitantsika izany ao afovoan'ny Baiboly, hitantsika izany any amin'ny

faran'ny Baiboly; hitantsika, niezaka izy ireo ny nampiditra vehivavy mpitoriteny, ao amin'ny fiandohan'ny Baiboly, tamin'ny alalan'ny fanompoana an'ireo sarivongana kely avy amin'ny fakan-javatra. Firy no efa namaky ny an'i Hislop, *Two Babylons*, ilay tantara? Eny àry. Tadiavo, ao amin'ireo tantara ireo. Nanana vehivavy izy ireo. . . Ary avy eo tadidinareo ve, na dia i Jakoba aza dia nangalatra an'ireo andriamanitry ny rainy, ary ny zananivavy no nanafina azy ireo tao ambaniny ka nitondra azy ireo tany an-efitra, izay nandoto ny toby, taty aoriana. Eny àry.

105 Ndao àry isika hamaky ankehitriny ao amin'ny Genesisy.

> *Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon'ny* TOMPO *Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy, Hanky, efa* nataon'*Andriamanitra hoe, Aza ihinananareo ny voan'ny hazo rehetra eo amin'ny saha?*
>
> *. . . hoy ravehivavy tamin'ny menarana, Azonay ihinanana ny voan'ny hazo rehetra ao amin'ny saha:*
>
> *Fa ny voan'ny hazo . . . eo afovoan'ny saha kosa, no efa* nataon'*Andriamanitra hoe, Aza ihinananareo izany, aza manendry azy* ianareo*, fandrao maty* ianareo.
>
> *Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy, tsy ho faty tsy akory ianareo:*
>
> *Fa* fantatr'*Andriamanitra fa amin'ny* andro *izay hihinananareo, dia hahiratra ny masonareo, (*hitanareo, mitady Hazavana vaovao*), ka ho tahaka ny andriamanitra ianareo, hahalala ny tsara sy ratsy.*

106 Hitanareo ve hoe ahoana ireo sakaiza ireo ankehitriny, miezaka manaisotra avy ao amin'ny Baiboly? "Nahoana, mora fotsiny ve ilay mandraraka, na mamafy, na *ity* fomba ity, na *izao* fomba izao?" Tsia, tompoko. Andriamanitra dia nametraka fandaharana anankiray, ary izany no nasaina narahintsika, *Ity*.

> *Ary rehefa hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo, sady mahafinaritra ny* maso*, ary ny hazo dia* manao . . . *mahatsiriritra hampahendry, dia nanotazany ny* voany*, ka nihinanany, ary nomeny koa* ny *vadiny; dia nihinana izy.*
>
> *Ary nahiratra ny mason'izy* ireo*, ka fantany . . . nitanjaka izy; ary nanjaitra ravin'aviavy izy, ka nataony sikina* izany.

107 Te-hijanona eto iray minitra aho. Ankehitriny, tsy maintsy nisy ny fiandohan'ny zavatra rehetra. Nanana fiandohana ianareo. Ankehitriny isika . . . Ity no tiako hatao fototra ho an'ny zavatra manontolo, izao, izay noresahintsika tamin'ireo fivoriana roa farany, ka hatramin'ity.

108 Ankehitriny, aninkeo maraina dia niverina isika ka nanao tantara, tao amin'ny Baiboly, hoe rehefa nanao ny tany Andriamanitra, hoe rehefa nanao ny entona Izy; ary avy eo ireo entona ireo dia lasa kalisioma, sy potasy, ary—ary zavatra samihafa. Izy no nanao ny vatanareo. Izy no nanao ny trano, tahaka ny lehiben'ny mpanao trano mahay anankiray, tahaka ny mpiantoka anankiray mametraka ny fitaovany mba hanangana tetik'asa fanorenana. Izy no nanao ny vatanareo, ary Izy no nametraka an'izany teo. Fantany tsara mihitsy, tao amin'ny Fisainany, hoe inona no tsy maintsy ho vita.

109 *Ity* tànana ity, Andriamanitra no nanao an'izao tànana izao talohan'Izy . . . raha mbola teo am-panaovana an'izao tontolo izao Izy; saingy, ny fanahiko kosa dia Nataony talohan'ny nisian'izao tontolo izao. Ankehitriny, fa ity tànana sy vatana ity, dia Nataony raha nanao an'izao tontolo izao Izy, satria ity vatana ity dia avy amin'ny tany, ary hiverina ho amin'ny tany. Andriamanitra no nanao izany. Napetrany avokoa ireo rehetra ireo tao amin'ny Fikasany lehibe sy ny Fandaharany.

110 Ankehitriny, rehefa nandeha nanao ny tany Izy, dia nanao ny lehilahy Izy, ary toa ohatry ny tsy dia tsara loatra ilay lehilahy. Ankehitriny nananantsika izany, aninkeo maraina, nentintsika tao anatin'ilay tantara, hoe ahoana ilay—ilay Ray rehefa nidina ka nijery ny Zananilahy, natao araka ny Endriny, sy ny sisa. Avy eo dia nanao vady ho azy Izy, mpanampy iray.

111 Ankehitriny, tsarovy, fa, ny zava-boahary rehetra eto antany, dia Adama no nanome anarana azy ireo.

112 Izy no nanao ny—ny biby fiompy, ny bibi-dia, sy ny zavatra rehetra. Ary ankehitriny, isika . . . Ireo mpamantatra fotoana sy—sy ireo manam-pahaizana lehibe ara-tsiansa samihafa, dia niezaka, nandritry ny enina arivo taona, ny hahita an'io fitohizana tsy ampy io, nahoana io biby io . . . Ny olombelona dia aim-biby. Fantatsika izany, fa isika dia vita . . .

113 Ary ny vehivavy dia ampahan'ny lehilahy fotsiny, vokatra notsoahana. Ny vehivavy dia tsy tao anatin'ny famoronana voalohany. Andriamanitra efa nitsahatra tamin'ny famoronana, an-taonany sy an-taonany ary an-taonany maro, izay Izy vao namoaka taolan-tehezana iray avy tao amin'ny lanivohony. Nomen'i Adama anarana ny zava-boahary rehetra, ny zavatra hafa rehetra, saingy ny azy manokana kosa dia tsy mbola nisy. Noho izany, dia nanao mpanampy anankiray ho azy Izy; naka taolan-tehezana iray avy tao amin'ny lanivohony, nanakatona an'ilay ratra, ary nanao mpanampy anankiray ho azy. Ary ny olona, tao amin'ny fanahiny, dia sady lehilahy no vehivavy.

114 Ary ny vehivavy dia ampahan'ny lehilahy fotsiny ihany. Ary rehefa maka vady ho azy ny lehilahy anankiray, ka raha tena ilay vadiny tokoa izy, vady nomen'Andriamanitra, dia ho ampahany ho azy fotsiny izy io.

115 Izay no antony anananareo olana marobe ao anatin'ny fanambadiana, dia satria mivoaka ianareo dia mahita tovovavy kely anankiray manja maso na manga maso, na zavatra sahala amin'izany, ary tsara tarehy kely, dia lavo aminy ianareo. Ny fotoana voalohany hahazoany ny zanany voalohany, mihintsana ireo nifiny, lasa miketrona sy antitra izy, ary avy eo dia tehandaka azy hivoaka ianareo. Ary ny sasany aminareo vehivavy ireo dia mahita tovolahy kely anankiray miaraka amin'ny volony malama, ka ny antsasaky ny mena-kisoa an'ny reniny dia nararany teo daholo, sady miolanolana. Fa hihintsana avokoa izany; fantatro tamin'ny alàlan'ny fahatsapana izany. Fa inona no mitranga? Inona izany? Lavon'izany ianareo.

116 Tokony hivavaka ianareo, aloha, satria ny vehivavy dia ampahanareo. Ary raha mamihina vehivavy anankiray eo amin'ny tratranareo ianareo, ka naka azy ho vadinareo, ary ianareo . . . Mamela marika iray eo aminareo izy. Tahaka izany no hilazantsika an'ilay izy mba hahazoanareo azy. Ary ny vehivavy hafa miankina amin'io tratra io dia tsy hety amin'io marika io. Ary hitazona anareo ho tompon'andraikitra amin'izany Andriamanitra. Ary tadidionareo fotsiny izany.

117 Ianareo izay maka vadin'olon-kafa sy . . . Nandre aho androany ny amin'ny tovovavy kely anankiray eto an-tanàna, zavatra anankiray mampalahelo. Fantatro izy. Ary nisy mpiloka anankiray nividy akanjo tsara tarehy ho azy, sy ny sisa, ary niezaka ny hilalao azy tahaka an'izany. Voalavo anankiray, izay hanao zavatra tahaka an'izany, dia tsy azo heverina ho olombelona akory aza.

118 Fantatrareo moa, ny alika dia tsy mba ambany toy izany, kanefa ianareo dia miantso reny alika anankiray hoe "alikavavy." Manana fitondran-tena tsara lavitra noho ny ananan'ny antsasaky ny vehivavin'ny Jeffersonville izy. Ary ianareo dia miantso ny reny kisoa anankiray hoe "kisoavavy," nefa izy tsy . . . Manana fitondran-tena tsara betsaka mihoatra ny vehivavin'ity Etazonia ity izy, ny maro amin'izy ireo. Tena marina mihitsy izany. Ankehitriny, fantatro fa hentitra izany. Ary nolazaiko taminareo fa tena hotsindriako mafy izany, ary tiako ho fantatrareo izany. Ary izany no marina. Izy rehetra ireo, ny vehivavy amin'izao andro izao, dia tsy mahalala akory hoe inona izany fitondran-tena izany. Nanao hoe, "Aza manimba ny fieritreretako." Eny, tsy manana akory ianareo. Mariho. Eny, tompoko. Nefa, fantatrareo izay tsara sy ratsy.

119 Ankehitriny mariho. Io lehilahy io, rehefa noforonina izy, dia nosarahin'Andriamanitra ny fanahiny. Ary naka ampahany iray avy tao amin'ny lehilahy Izy, ny lanivohony, ka nanao ny vehivavy avy tamin'izany. Ary avy eo dia naka an'ilay fanahyvavy Izy, fanahy malemilemy avy tao amin'ny lehilahy, ka nanao vehivavy anankiray avy tamin'izany. Ary nanao ny lehilahy Izy, lahy, matanjaka.

120 Ary ianareo rehefa mahita a—a—a lehilahy anankiray izay somary . . . fantatrareo, mandoko hoho, na izay iantsoanareo azy, ireo hohony; ary, fantatrareo, efatra amin'ny ilany iray ary dimy amin'ny iray hafa, ary—ary malama ny volony mitsontsorika; mitazona ny vavany hisokatra foana, sy ny karazan-javatra tahaka izany; iray amin'ireo tovolahy tsara tarehy. Tsarovinareo fotsiny, ranabavy, misy zavatra tsy mety ao amin'izany vorona izany. Misy zavatra tsy mety. Tsara kokoa ny miambina ny masonareo aminy.

121 Ary rehefa mahita vehivavy anankiray miaraka amin'ny sigara eo amin'ny sisin'ny molony ianareo, miaraka amin'ny salopety, ka manao hoe, "Ho lazaiko anao, tovolahy, hoe inona izao!" Rahalahy, araho maso izany vehivavy izany. Misy zavatra tsy mety aminy.

122 Ny vehivavy anankiray, dia natao ho vehivavy, ary natao hitafy tahaka ny vehivavy izy. Rehefa nanao ny lehilahy Andriamanitra, zavatra anankiray no Nanaovany azy; ary zavatra anankiray hafa no Nanaovany ny vehivavy. Ary rehefa nampiakanjo ny lehilahy Andriamanitra, dia fomba anankiray no Nampiakanjoany azy, ary ny vehivavy zavatra anankiray hafa. Ary ny Baiboly dia milaza, "Fahavetavetana ho an'ny vehivavy ny manao fitafian-dehilahy."

123 Ary ianareo vehivavy, manao an'ireny pataloha kely sy ny sisa ireny, ary mitondra an'ireny mivoaka, zavatra kely . . . Inona moa ilay iantsoanareo azy, knickerbocker? [Pataloha malalaka nefa fohy hatreo ambanin'ny lohalika—Mpand.] Inona moa no . . .? Oh, inona moa ilay karazany izay . . .? Tsia, tsia, tsy sorta ilay izy, ilay anankiray hafa izany, misy tongony lavalava. [Niteny ny fiangonana hoe, "Pataloha korsera."—Mpand.] Pataloha korsera, sy salopety, akanjomanga fitondra miasa.

Miditra, manao hoe, "Ho an'ny ramatoa ity."

124 Hoy aho hoe, "Tsia, diso ianareo. Ny ramatoa tsy miakanjo an'ireny zavatra ireny. Ny vehivavy angamba, fa tsy ny ramatoa." Marina izany.

125 Ny Baiboly dia milaza, "Fahavetavetana ho an'ny vehivavy raha manao fitafiana . . . ary ho an'ny lehilahy raha manao fitafiam-behivavy."

126 Ary ny lehilahy dia lasa miha-vavy, isan'andro, ary ny vehivavy lasa miha-lahy. Fa misy inona? Ho hitantsika izany afaka minitra vitsy, amin'ny alàlan'ny Baiboly. Tsy vehivavy intsony ny vehivavy. Tsy ianareo vehivavy Kristiana akory no tiako ho lazaina. Miresaka ny amin'ny ankapobeny aho. Te-hanao tahaka ny lehilahy izy ireo; te-hanapaka ny volony tahaka ny lehilahy; mametraka ny tànany eo amin'ny bara, tahaka an'*izao*, ary mihira ny *God Bless America*, miaraka amin'ny sigara eo amin'ny sisin'ny vavany.

127 Midina eny an-dàlana, mihemotra tahaka izany, ary eny amin'ny làlambe mihitsy. Nanisa izahay . . . Te-hilaza zavatra aminareo aho. Ary ianareo vehivavy mpamily, henoy. Izaho sy Billy Paul, tamin'iny asam-pitoriana farany nanodidina ny firenena iny, enim-bolana, nisaiko hoe firy ny fahadisoana teny amin'ny làlana. Tamin'ireo loza telon-jato, teny an-dàlana, vinavinao hoe firy tamin'izy ireny no vehivavy mpamily? Tsy nisy fotsiny afa-tsy . . . Sivy amby folo tamin'izy ireo no lehilahy. Fa ny valopolo sy roanjato na, mino aho fa izay ilay izy, iraika amby valopolo sy roanjato izany dia vehivavy mpamily. Vehivavy mpamily! Ankehitriny, tsy miteny aho akory hoe tsy misy vehivavy mpamily mahay. Fa hivilivily foana izy.

128 Dia hanandrana ny hanasazy azy ve ianareo? Avelao anie izy ho isan'ny tsara tarehy, mitsangana eo, mampiakatra ny volony rehefa tonga ny polisy anankiray. "Ahoana," hoy izy, "azo antoka, nanao fahadisoana ianao!" Tsy manana lalàna izany isika.

129 Noporofoin'izy ireo izany indray andro tao anatin'ny fitsarana momba ny hetra anankiray izay vao avy nandalovako. Tsy manana lalàna izany isika. Raha misy . . .

130 Tsy mahagaga raha niteny ireo andrianan'ny Angletera hoe, "Ny demokrasia dia lain-tsambo daholo ary tsy misy vatofantsika." Marina izany, mitsangana eo ambonin'ny boatin-tsavony, manao fampielezan-kevitra. Potika ny demokrasia, ary toy izany koa ireo mpanao didy jadona sy ny ambiny rehetra. Ilay zavatra manontolo mihitsy no potika. Tsy misy afa-tsy zavatra iray ihany no ataon'Andriamanitra, dia ny mamotika ny zavatra manontolo, araka ny Nolazainy fa Hataony, ary dia hanomboka anankiray vaovao indray. Ankehitriny jereo hoe akaikin'ilay Fihaviana manao ahoana ianareo.

131 Ankehitriny rehefa io vehivavy io . . . Nanao mpanampy anankiray ho azy Izy, ary izy no tsy maintsy ho mpanampiny. Ary avy eo . . .

132 Ankehitriny, eto, tsy mbola nanana mpitoriteny anankiray mba nanaiky an'ity aho. Fa miezaka izy ireo ny hanao an'ilay izy amin'ny fomba hafa, saingy tsy dia misy dikany anefa ilay izy amiko. Miezaka izy ireo ny milaza fa nihinana paoma i Adama sy Eva. Rahalahy, raha . . . Tsy vazivazy tsy akory no ilazako an'izao ankehitriny, fa tiako ny hilaza azy. Satria, raha ny fihinanana paoma no nahatonga ny vehivavy nahatsapa fa nitanjaka izy, dia tsaratsara kokoa amintsika ny mamerina indray an'ilay paoma. Ary fantatrareo fa marina izany.

133 Fantatrareo, ny fihinanana paoma, izay tsy izany mihitsy no nataon'izy ireo, nahatonga azy ireo hahatsapa fa nitanjaka izy ireo. Marina tokoa, fa tsy izany io. Tsy maintsy avy tamin'ny firaisana ara-nofo io. Tsy maintsy izany io, satria nahatsapa izy ireo fa nitanjaka rehefa avy naka an'ilay voa voarara. Tsy hazo

misy voa ve ny vehivavy anankiray? Tsy voan'ny reninareo ve ianareo? Izay ilay voa izay voarara tsy azo alaina.

134 Ankehitriny dia ity misy zavatra lehibe anankiray. Ankehitriny ny zavatra izay tsy mbola fantatry ny siansa mihitsy hoe tena manakaiky indrindra ny olombelona dia... Nangady taolana efa ela izy ireo, nalainy ireo taolam-biby, ary nalainy ireo loha, dia nalainy ireo karan-doha, sy tànana, sy taolana, ary nandramany natao tahaka ny olombelona anankiray izany. Ary dia fantany fa ny zavatra mifanakaiky indrindra amin'ny olombelona izay hany hitany, akaiky azy, dia ny rajako anankiray. Izy io no karazana manakaiky indrindra ny olombelona; saingy kosa tsy misy itoviana amin'ny olombelona mihitsy izy io, ilay nivoatra indrindra.

135 Ny endri-javatra manan'aina tsy mivoatra indrindra misy dia ny sahona; ny endrika mivoatra indrindra dia ny olombelona. Nanomboka tany amin'ny farany ambany Andriamanitra ary nandeha niakatra, mandra-pahatonga Azy hitondra an'io ho tahaka ny Endriny. Nitondra an'io avy teo amin'ny vorona sy ny bibi-dia, ary niakatra hatrany, mandra-pahatonga Azy nahazo ny endrik'Andriamanitra. Nanao ny olona tamin'izany endrika izany Izy. Io no endrika mivoatra indrindra. Ny endrika tsy mivoatra indrindra dia tsiboboka anankiray fotsiny izay nivadika ho sahona iray, sy ny sisa.

136 Ankehitriny, io fitohizana tsy ampy io, izay tsy hitan'izy ireo. Diniho ny Soratra ankehitriny. Ianareo, ianareo dia tsy hanaiky an'ity, ny maro aminareo, saingy tiako...Tiako hataonareo ao an-tsaina fotsiny izany. Ary aza ho lasa mpanohitra an'izany ianareo. Henoy.

137 Fantatro fa ny maro aminareo dia vao avy nihaino ny Dr. DeHaan. Izaho marina tokoa...Amin'ny maha lehilahy mahay azy, sy rahalahy Batista mahafinaritra, ary izaho dia mankasitraka azy marina tokoa. Nanana fahalalana betsaka sy ati-doha izy, fa—fa nanadino zavatra betsaka noho izay mbola ho fantatro; satria izy dia Mpampianatra ny—ny momba an'Andriamanitra, ary dokoteran'ny fitsaboana izy, sady Dokoteran'ny Siansa. Izy dia tena lehilahy manan-tsaina. Saingy niteny izy fa ireo...Rehefa hitan'ireo zanak'Andriamanitra fa tsara tarehy ireo zanakavavin'ny olona; ny hevitr'i Josephus no alainy, ka nilaza fa "izy ireo—izy ireo dia nampiditra ny tenany tao anatin'ny nofon'olombelona," ary naka azy ireo ho vady. Ary dia nisy an'ireo olom-be tao amin'ny tanin'i Noda. "Ary dia naka vady ho azy izy ireo ka niara-nonina taminy, fony ireo zanak'Andriamanitra, ireo Anjely lavo, naka sy nahita ny zanakavavin'ny olona; ary ny filàna ara-nofo tamin'izany dia tena zavatra lehibe, ary satria mpanota izy ireo noho ny fahalavoany, dia nampiditra ny tenany tao amin'ny nofon'olombelona izy ireo."

138 Raha manao an'izany izy ireo, dia hanimba ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, hanimba ny zavatra hafa rehetra. Raha mahay mamorona ny devoly, dia mitovy amin'Andriamanitra izy izany. Tsy mahay mamorona ny devoly. Tiako ianareo mba haneho amiko toerana anankiray izay mba nahaizan'ny devoly namorona. Tsy mahay mamorona izy. Mamadika fotsiny an'izay voaforona izy. Tsy mpamorona izy. Mpamadika anankiray fotsiny izy.

139 Eny, avy eo, inona no nitranga? Diniho. Izao no fandikako. Izao ilay fitohizana tsy ampy.

140 Ankehitriny nalain'izy ireo ny rajako, saingy tsy vitanareo ny hampanaraka rajako anankiray amin'ny vehivavy anankiray ka hiteraka zaza anankiray. Tsy vitanareo ny hampanaraka olombelona anankiray amina biby. Tsy hifangaro izany. Tsy mahay mamindra rà ianareo, amin'ny biby.

141 Raha tany Afrika aho, nentin'izy ireo tamin'ny fomba hafa ireo olona mainty hoditra mahantra ireo; nisy nilaza tamiko hoe, "Tsy hafa ireo fa biby."

142 Hoy aho hoe, "Azafady indrindra hoe. Olombelona tahaka anao fotsiny ihany ireo, mihoatra kely aza angamba." Mamelà ahy hilaza aminareo, raha manana an'izany karazana fitondrantena izany ianareo, dia manomboka miverina ho lasa biby anankiray ianareo izay. Hoy aho hoe, "Io lehilahy io, na dia mainty tahaka ny as de pique aza izy, na dia mavo tahaka ny voatavo aza izy, na dia manga tahaka ny loko manga antitra aza izy, dia mety hahavonjy ny ainao izy amin'ny fanomezany anao ny famindrana rà. Saingy ianao kosa tsy mametraka ràm-biby anankiray ao aminao mihitsy." Izany tokoa, olombelona izy io.

143 Satria fotsiny hoe ny hoditra anankiray dia mainty, ary ny iray hafa dia manja, ary ny anankiray hafa mavo, ary ny iray hafa fotsy, tsy misy ifandraisany amin'izany mihitsy. Ny Baiboly dia milaza, "Rà iray no nanaovan'Andriamanitra ny olona rehetra." Ary tena marina mihitsy izany. Ny toerana izay ivelomantsika, izay nanova ny lokontsika, dia tsy misy ifandraisany amin'izany. Andriamanitra no nanao avy amin'ny—ny lehilahy iray ny firenena rehetra, rà iray, ny firenena rehetra mitovy.

144 Ny Sinoa; ny lehilahy mainty hoditra dia tsy afaka miteny ankehitriny, ny lehilahy mainty dia tsy afaka miteny ankehitriny, fa, "Io Sinoalahy io, izy—izy io dia mavo, tsy handeha hanao na inona na inona miaraka aminy mihitsy aho." Rahalahinareo izy. Ary ianareo lehilahy fotsy dia tsy afaka miteny amin'ilay lehilahy mavo na lehilahy mainty, ny roa tonta, "Tsy misy na inona na inona ilàko anao." Rahalahinareo izy. Tena marina.

145 Mariho ankehitriny, izao no mitranga. Izaho dia mino, ary manohana an'ity amin'ny alàlan'ny Baiboly, fa ny menarana

no nanao an'izany. Ny menarana io olona tsy ampy teo anelanelan'ny rajako sy ny olona io. Satria, henoy, mariho izany ankehitriny, fa ny menarana dia tsy biby nandady tamin'izany. Izy no "fetsy" indrindra tamin'ny bibi-dia rehetra tao amin'ny saha.

146 Ankehitriny, nandeha aho ary naka diksionera, androany, tamin'ny toerana rehetra, mba hitady an'io teny io, inona no dikan'ny teny hoe *fetsy*. Ny dikany dia "manan-tsaina, mahay mamitaka," fa, ny fandikàna tsara indrindra avy amin'ny—avy amin'ny Hebreo (avy amin'ny m-a-h-a-h, mahah) dia midika hoe "manana ny tena fahalalana momba ny fitsipiky ny fiainana."

147 Ankehitriny ndao isika handinika an'io iray minitra fotsiny. Manan-tsaina izy, mahay mamitaka, na dia nantsoina aza izy hoe ny "menarana." Saingy, tsarovy, izy no zavatra manan-tsaina indrindra izay nisy, ary mitovy betsaka amin'ny olombelona noho ireo sisa hafa izay tao amin'ny saha; akaiky indrindra amin'ny olombelona. Tsy biby nandady izy tamin'izany. Ny ozona no nahatonga azy ho biby mandady. Ary izy no . . . Ny Baiboly dia milaza fa izy no tena tsara tarehy indrindra tamin'ny rehetra.

148 Fa na dia ny ozona aza tsy nanala ny hatsarany rehetra; na dia ireo loko tsaran'ny menarana anankiray aza dia mahafinaritra, sy ny bikany ary ny hafetsifetseny. Na dia ny ozona aza tsy nanala an'izany. Saingy, tadidionareo, niteny taminy Andriamanitra fa ho esorina ny tongony ary handeha amin'ny kibony izy. Ary ianareo tsy afaka hahita taolana anankiray ao amin'ny menarana izay hitovy amin'ny an'ny olombelona, ary izay no antony nahavery ny siansa. Saingy io izy io.

149 Andriamanitra dia nanafina an'izany tamin'ny mason'ny hendry sy mahay, ary nampanantena ny hanambara izany amin'ireo zanak'Andriamanitra, amin'ny andro farany rehefa ho voaseho ireo zanak'Andriamanitra, rehefa, "Nifaly ireo zanak'Andriamanitra talohan'ny famoronana an'izao tontolo izao mihitsy aza." Rehefa ho entina midina ilay fanambarana lehibe ny amin'Andriamanitra sy ny sisa amin'ny andro farany, dia Hasehony ireo zavatra ireo amin'ny alàlan'ireo zanak'Andriamanitra. Ianareo mahalala fa ny Soratra no mampianatra an'izany. Ary eo isika izao. Izay no antony anokafan'Andriamanitra an'ireo zavatra ireo amintsika. Eo ampitondrana ny Zanany ho ao amin'ny fanehoana Andriamanitra. Mandeha any ankoatry ny fetran'ny fahalalan'olombelona Izy, miditra ao anatin'ny fanambarana ara-panahy, ary mitondra an'Izany midina. Tsy nampianarina ve isika, ao amin'ny Baiboly hoe, "Aoka izay manam-pahendrena"? Tsy hoe izay nianatra tao amina seminera; fa izay nianatra tamin'ny lohaliny teo anatrehan'Andriamanitra, ary izay sitrak'Andriamanitra homena azy. Zanak'Andriamanitra, tonga voaseho!

150 Io ilay menarana, ankehitriny izao ilay naha-menarana azy; hanome anareo ny famaritako ny aminy aho.

151 Isika dia manana ny. . .midina isika, avy amin'ny sahona anankiray, avy ao amin'izany ny tsiboboka, dia midina dia lasa, sy *izao-sy-izao*, mandra-pahatonganareo any amin'ny babakoto amin'ny farany, any amin'ny rajako. Ary avy ao amin'ny rajako, ankehitriny isika dia mitsambikina avy eo amin'ny rajako mankany amin'ny olombelona, dia manontany tena isika hoe nahoana.

152 "Eny," ny siansa dia milaza, "andraso aloha! Izahay mahavita mampanaraka ny vehivavy amin'ny babakoto sy amin'ny rajako, ary avy eo dia ny mifamadika amin'izany, lehilahy anankiray ampifanarahana amin'ny babakoto." Tsy hety izany. Ampanarao amin'ny biby anankiray hafa izy; tsy hety izany. Tsy hifangaro ny rà; alaivo ny rànareo, fa izy rehetra dia samihafa daholo, izy rehetra.

153 Misy rà anankiray eto anelanelany eto, ary tsy hitan'izy ireo ilay biby. Oh, Haleloia, tena mahatsapa ho tafiditra tsara aho izao. Mariho. Nahoana? Nafenin'Andriamanitra tamin'izy ireo izany. Tsy nisy taolana anankiray tao amin'ny menarana izay nitovy tamin'ny taolan'olombelona. Napetrany tena lavitra tokoa ilay zavatra hany ka tsy nety ho hitan'ireo olona manantsaina izany.

154 Ary hasehoko anareo hoe avy taiza io olona manan-tsaina io, aiza—aiza izy izao, raha ny marina. Hitanareo, tsy afaka tonga tamin'ny alàlan'izany izy.

155 Tsy maintsy avy amin'ny fanambarana no hahatongavan'izany, "Ianao no Kristy, Zanak'. . ." "Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako ny Fiangonako; ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy azy," fanambarana ara-panahy. Ahoana no—ahoana no nahalalan'i Abela hanao fanatitra zanak'ondry anankiray, raha tokony ho tahaka an'i Kaina nanatitra an'ireo vokatry ny saha? Voambara taminy ara-panahy izany. Tsy azonareo amin'ny alàlan'ny seminera izany. Tsy ho azonareo amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana izany. Avy any An-danitra no hahazoanareo azy io.

156 Ankehitriny diniho ilay menarana, io menarana tany amin'ny voalohany io. Ndao isika hanao ny sariny ankehitriny. Tena zavatra goavana be tokoa izy io. Eo anelanelan'ny rajako sy ny olona no misy azy. Ary, ilay menarana; ny devoly, Losifera, dia nahalala izany fa io ihany no hany rà afaka hifangaro amin'ny ràn'io olona io, io ihany no olona azony niasana. Tsy afaka niasa teo amin'ny rajako izy, tsy hety hifangaro ilay rà. Tsy afaka niasa tamin-javatra samihafa izy. Tsy afaka niasa tamin'ny ondry izy. Tsy afaka niasa tamin'ny soavaly izy. Tsy afaka niasa tamin'ny biby anankiray izy; tsy maintsy niasa teo amin'io menarana io izy.

157 Ndao àry ho raisintsika izy dia hojerentsika hoe tahaka ny inona izy. Tena zavatra goavana be tokoa izy io, olombe fahagola. Izany no nahitan'izy ireo an'ireo taolana lehibe, ary hasehoko anareo io ao amin'ny Baiboly. Ankehitriny jereo tsara. Eny àry. Io zavatra goavana be io, ndao ataontsika hoe izy—izy dia manana halavana folo dian-tongotra, soroka goavana be; mitovy amin'ny lehilahy anankiray fotsiny. Ary ny ràny; rehefa avy nidina, nanakambana biby anankiray tamin'ny iray hafa. Azonareo atao ny mampiray biby. Ary mahazo rà ambony hatrany izany, aina ambony karazana, ambony karazana, mandra-piakany avo ho eo amin'ny faritry ny olona. Saingy ilay fanohizana farany eto, eto anelanelany, dia tapaka. Firy no mahalala fa tsy afaka nahita an'ilay tsy ampy ny siansa? Isika rehetra dia mahalala an'izany. Nahoana? Io izy io, ny menarana. Io ilay izy, zavatra goavana be anankiray.

Ary dia nidina ny devoly, ankehitriny, nanao hoe, "Afaka mivelona aho."

158 Ankehitriny, raha vao mijery vehivavy ianareo sy ireo fihetsiky ny vehivavy, dia tsarovinareo, ny devoly izay no nanosotra anareo (sady tsy vadinareo ilay izy).

159 Mariho, ankehitriny, nidina ny devoly dia niditra tao amin'ilay menarana. Ary nahita an'i Eva tao amin'ny saha Edena izy, nitanjaka, ary niresaka ny amin'ilay voa teo afovoany izy. Ny *afovoany* dia midika hoe "anivo," sy ny sisa; azonareo, ao amina fivoriana misy karazan'olona isika. Ary hoy izy hoe, "Ankehitriny, mahafinaritra izy izany. Tsara amin'ny maso izy izany." Inona no nataony? Nanomboka niray tamin'i Eva izy, ary niara-niaina taminy, toy ny vady anankiray.

160 Ary hitany fa nahafinaritra ilay izy, ka dia lasa izy ary nilazany ny vadiny, nefa izy efa bevohokan'i Satana.

161 Ary dia niteraka ny zananilahy voalohany izy, ny anarany dia Kaina, ilay zanak'i Satana.

"Ankehitriny," hoy ianareo hoe, "diso izany."

162 Eny àry, ho hitantsika fotsiny na diso izany na tsia. "Ary Hampifandrafesiko ny Taranakao sy ny taranaky ny menarana." Ahoana? Ny taranaky ny menarana! Nanana Taranaka iray izy, ary izy koa dia nanana taranaka iray. "Ary Izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao hanorotoro ny Ombelahin-tongony." Ary ny *manorotoro*, eto, dia midika hoe "manao Fanavotana anankiray." Ankehitriny io ilay "taranaka" anareo avy amin'ny menarana.

Ankehitriny, mariho, indreo fa nivoaka ireo lehilahy anankiroa.

163 Ankehitriny, io menarana io, rehefa nitsangana teo izy, io ilay zavatra goavana be io dia nitsangana teo, izy no meloka noho ny fijangajangany tamin'ny vadin'i Adama. Aiza no mipetraka ny fahotana ankehitriny? Inona no zavatra ataon'ilay fanao eo

amin'izay misy azy ankehitriny? Ankehitriny, izaho—izaho . . . Azo antoka fa azonareo hoe inona no resahiko. Ary izay ilay izy.

Ary rehefa nanao izany izy, hoy Andriamanitra, nanomboka niantso an'i Eva sy Adama.

Ary hoy izy, "Nitanjaka aho."

Dia hoy Izy, "Iza no niteny taminao fa nitanjaka ianao?"

164 Teo izy ireo no nanomboka, ny fanaon'ny miaramila, nifanipy fahadisoana. Nanao hoe, "Fa, ny vehivavy izay Nomenao ahy, no nanao an'io. Izy ihany no nandresy lahatra ahy."

165 Dia hoy izy, "Ny menarana no nanome ahy paoma anankiray"? Eny àry, ry mpitoriteny, mba tongàva saina ianareo.

166 Hoy izy, "Ny menarana no namitaka ahy." Fantatrareo ve ny dikan'ny hoe *namitaka*? Midika hoe "nanimba." Ary izany izy. Tsy nanome azy paoma anankiray mihitsy ny devoly. "Ny menarana no namitaka ahy."

Ary tamin'izay no tonga ny ozona.

167 Hoy Izy, "Satria nihaino ny menarana ianao raha tokony ho ny vadinao, dia nanala ny Fiainana teo amin'ny tany ianao. Ary ianao dia—ianao dia hampitombo ny fahorianao; ary ny fianteheranao dia amin'ny vadinao," sy ny sisa.

168 "Fa satria nihaino ny vadinao ianao, raha tokony ho Izaho (Izaho no naka anao avy tamin'ny vovoka; ilay karazana ambony indrindra), dia hiverina amin'ny vovoka ianao."

169 "Ary, ry menarana, satria nanao izany ianao, dia hesorina ny tongotrao. Ny kibonao no handehananao, amin'ny andro rehetra iainanao. Ary hankahalaina ianao. Ary vovoka no ho fihinanao." Io ny anareo. Io ilay fitohizana tsy ampy.

170 Ankehitriny indro tonga i Kaina. Ndao jerentsika ireo toetra. Indro tonga i Kaina. Inona izy? Izy dia mpandraharaha mahay anankiray. Miasa tany izy. Manan-tsaina, mahay; mpivavaka, tena mpivavaka; jereo ny—jereo ny toetrany ankehitriny. Manaraha ahy fotsiny mandritry ny minitra vitsivitsy.

171 Indro izy fa nitsangana. Fantany fa mahay izy. Tia mandeha any am-piangonana izy. Nanorina fiangonana anankiray ho azy izy, nanao fanatitra anankiray ho azy. Nitondra alitara anankiray, sy ny rehetra. Nanorina alitara anankiray, nametraka voninkazo teo ambonin'izany. Nametraka ny saha, ny voankazo avy tamin'ny saha, nanolotra an'izany ho an'Andriamanitra. Nanao hoe, "Io ny Anao, Tompo. Fantatro fa nihinana paoma izahay, izany no nahatonga an'izao." Ny sasany amin'ireo ankohonany dia mbola manana an'izany karazan-kevitra izany. Mampiseho hoe avy taiza izany. Nitondra ny paomany teo, avy amin'ny saha, nametraka azy ireo teo, nanao hoe, "Ity no hanao fanavotana."

Hoy Andriamanitra hoe, "Tsy paoma izany."

172 Fa, avy amin'ny fanambarana ara-panahy, no nahalalan'i Abela fa ny rà izany. Noho izany dia nitondra zanak'ondry anankiray izy, notapahany ny tendany, ary maty izy io.

173 Ary hoy Andriamanitra hoe, "Izany no marina. Io no nanao an'izany. Rà ilay izy." Fantatrareo hoe rà inona no resahiko. Eny àry. "Ny rà no nanao an'io."

174 Ankehitriny jereo. Ary avy eo rehefa hitan'i Kaina fa ilay rahalahiny holy-roller no nekena teo anatrehan'Andriamanitra, ary niseho ireo famantarana sy fahagagana tany, dia lasa nialona azy izy. Hoy izy hoe, "Hajanontsika avy hatrany io zavatra io." Jereo ireo rahalahiny, jereo ireo zanany, amin'izao ankehitriny izao. "Fa, izaho no manan-tsaina noho izy," noho izany dia tezitra izy. Avy taiza ny *fahatezerana*? Azonareo lazaina ve fa ny fahatezerana . . .? Novonoiny ny rahalahiny. Mpamono olona anankiray izy.

175 Afaka hiantso an'Andriamanitra ho mpamono olona ve ianareo? Fa i Adama no zanak'Andriamanitra. Ny Baiboly milaza, fa, "Adama dia zanak'Andriamanitra," ilay fiandohana madio tany aloha. Zanak'Andriamanitra i Adama. Ary izany fialonana sy fitsiriritana, sy ny sisa izany, dia tsy afaka nivoaka avy tao amin'izany loharano madio izany.

176 Tsy maintsy ho avy tamin'ny toeran-kafa izany. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ary avy tamin'i Satana izany, izay mpamono olona anankiray, hatramin'ny voalohany." Hoy ny Baiboly hoe, "Izy dia mpandainga sy mpamono olona, hatramin'ny voalohany." Ary io izy io. Ary namono ny rahalahiny izy.

177 Ary izany dia tandindona anankiray ny amin'ny fahafatesan'i Kristy. Avy eo, avy amin'izany, mazava ho azy, fa nanangana an'i Seta Izy haka ny toerany. Fahafatesana, fandevenana, ary fitsanganan'i Kristy.

178 Ary jereo, avy eo, indreo fa tonga ireo olom-benareo. Avy eo Kaina dia lasa nandeha tany amin'ny tanin'i Noda. Raha olom-be goavana be anankiray no rainy na zavatra anankiray, dia tokony hitovy amin'ny inona i Kaina? Ny rainy. Fa nandeha tany amin'ny tanin'i Noda izy, ary naka ny anankiray tamin'ireo anabaviny.

179 Fomba tokana ihany no azony natao. Tsy nisy vehivavy intsony afaka ny hisy, fa avy tamin'ny alàlan'i Eva irery ihany. Nilaza izy ireo fa nanana zanakalahy fitopolo sy zanakavavy izy ireo. Raha—raha tsy nisy vehivavy . . . Tsy manisa vehivavy ny Baiboly rehefa teraka izy ireo, fa ny lehilahy ihany. Ary rehefa, raha tsy nisy vehivavy afa-tsy i Eva tamin'izany, raha maty izy, dia nitsahatra tsy nisy ny taranak'olombelona. Tsy maintsy nanana zanakavavy izy. Ary tsy maintsy nanambady ny anabaviny izy.

180 Nandeha tany amin'ny tanin'i Noda izy ary nahazo—nahazo ny vadiny. Ary rehefa nanambady azy tany izy, dia teo no nisy an'ireo olom-be goavana be ireo, dia ireo zanak'Andriamanitra lavo; avy taiza ny dadan'izy ireo, ny devoly, avy tamin'i Kaina. Io ilay fitohizanareo tsy ampy.

181 Ary jereo ilay taranaky ny menarana. Ankehitriny jereo. Tsarovy, fa ilay taranaky ny menarana dia mpivavaka. Jereo izy fa manomboka mihetsika ankehitriny, mandritry ny minitra fohy. Io izy fa lasa, ny taranaky ny menarana. Inona no nanjo azy ireo? Ankehitriny dia mamelà ahy hamaky zavatra anankiray eto, vao nosoratako tamin'ity tolak'andro ity izany.

182 Inona no nivoaka avy tao amin'ny taranak'i Abela? Henoy ity. Eny àry. Taorian'izay dia tonga i Abela. Taorian'i Abela dia tonga i Seta. Taorian'i Seta dia tonga i Noa. Taorian'i Noa dia tonga i Sema. Taorian'i Sema dia tonga i Abrahama. Taorian'i Abrahama dia tonga i Isaka. Taorian'i Isaka dia tonga i Jakoba. Taorian'i Jakoba dia tonga i Joda. Taorian'i Joda dia tonga i Davida. Taorian'i Davida dia tonga i Kristy, ho amin'ny fahatanterahana.

183 Jereo tary aoriana tary hoe ahoana no nitoeran'ilay Fanahin'Andriamanitra tao amin'i Abela. Jereo hoe ahoana no Nitoerany tao amin'i Seta. Jereo hoe ahoana no Nitoerany tao amin'i Joda. Jereo ny hoe ahoana no Nitoerany tao amin'i Davida. Jereo ilay Fanahy mitovy izay niantso, tamin'ny alàlan'ilay taranaka marina, ny voalohany hatramin'ny farany. Na inona na inona nataony, dia voatendry mialoha izy ireo.

184 Jereo i Jakoba, maloto anankiray. . . Tsy ho fametavetana no hilazako an'izany. Fa i Jakoba, fetsy kely anankiray, mifikitra eo ambanin'ny zipon-dreniny isan'andro vaky izao; mihodinkodina eo, tovolahy kely sarimbavy. Nametraka zavatra teo aminy, nandeha namitaka ny rainy, mba hahazoana ny tso-drano; saingy efa nomena azy io talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Azo antoka, izany io.

185 Nandeha dia nandainga tamin'ny rafozany; ary naka tapa-kazo maramara vitsivitsy, tapa-kazo popola, ka nametraka azy ireo tao anaty rano, mba hampitahotra an'ireo ondry rehefa bevohoka izy ireo; hahatonga azy ireo hiteraka ondry maramara, mba hahafahany manambaka ka hahazo an'ireo maramara. Nitahy azy tao anatin'izany Andriamanitra. Marina izany.

186 Loza ho an'izay olona miteny zavatra mikasika an'i Jakoba. Fantatrareo hoe inona—fantatrareo hoe inona no nolazain'ilay mpaminany sandoka. . . Na, naminany ny marina izy. Balama, hoy izy hoe, "Ho tahiana izay mitahy azy, ary hozonina izay manozona azy."

187 "Izaho no naka anao, ry Jakoba. Nahita azy toy. . . toy ny tany hafahafa aho. Ary toy ny voromahery manaitra ny ao amin'ny akaniny, no Nanairako azy sy Namoahako azy."

Haleloia! "Tsy amin-kery, tsy amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy ny Tompo."

188 Jereo fa tonga nidina hatrany amin'io fahatanterahana io izany. Izany Fanahy izany dia niasa nidina hatrany amin'ilay fahatanterahana ao amin'i Kristy, nidina tamin'ny alàlan'ireo Patriarka tsirairay, nidina avy hatrany. Na inona na inona no nataon'izy ireo, na inona nolazain'izy ireo, na inona nataon'izy ireo, dia efa taranaky ny marina tanteraka mihitsy izy ireo.

189 Ary, eto, rehefa Abrahama ilay marina . . . Voninahitra! Oh, tena mahazo aina tsara aho izany. Rehefa i Abrahama ilay marina no nihaona tamin'i Melkizedeka, Izay Andriamanitra Tenany!

190 Iza moa Melkizedeka? "Ilay Mpanjakan'ny Salema, izay Mpanjakan'ny Jerosalema, Mpanjakan'ny fiadanana. Tsy nanan-dray Izy. Tsy nanan-dreny Izy. Tsy nanana voalohan'andro mihitsy izy, na faran'ny fiainana." Na Iza Izy na iza, dia mbola velona foana Izy. "Tsy nateraka mihitsy Izy. Tsy ho faty mihitsy Izy. Tsy nanana ray na reny mihitsy izy. Tsy nanana voalohan'andro mihitsy Izy, na faran'ny fiainana." Lazao ahy hoe Iza izany. Ilay Andriamanitra Mandrakizay; ao amin'ilay antsointsika hoe . . .

191 Oh, adinoko fotsiny hoe inona moa ilay iantsoanareo azy ankehitriny. Teofania, izay ilay izy. Tahaka ny hoe . . . Tsy angano akory; kanefa kosa zavatra anankiray tonga voaseho fotsiny. Tahaka ny Nahatongavany teo amin'i Abrahama tao amin'ny trano-lay tany, tahaka ny anjely anankiray, ka naminany, ary nilaza tamin'i Saraha fa nihomehy izy, tao Ivohony, sy ny sisa. Ilay zavatra, zavatra mitovy.

192 Ary indro teo Izy. Nihaona tamin'i Melkizedeka izy. Ary raibe- . . . rain'ny raibe Abrahama, tao amin'ilay taranaky ny marina, dia nandoa ny ampahafolony tamin'i Melkizedeka; ary dia nisaina ho an'ny zafin'ny zafikeliny izany eto, ilay taranaky ny marina.

193 Ankehitriny indro fa tonga ilay taranaky ny—ny menarana. Ankehitriny, tsarovy, hisy fifampiandaniana, ady eo amin'izy ireo.

194 Tonga ny taranaky ny menarana, ary inona no vokariny? Ankehitriny ndao alaintsika ireo taona vitsy voalohany. Ankehitriny dia jereo izay miseho eo. Ho vakiantsika avy hatrany izany, satria vao avy nohamariniko izany. Ilay taranaky ny menarana dia namokatra an'i Kaina. I Kaina lasa tany amin'ny tanin'i Noda, namokatra olom-be, ary avy eo izy ireo dia tonga tao amin'ny tanin'i Noa.

195 Nanan-tsaina izy ireo, nianatra, olona mahay. Marina ve izany? Mpanao trano izy ireo, mpamoron-javatra, mpikaroka; tsy avy amin'ilay taranaky ny marina, fa avy amin'ilay taranak'i Satana, ilay menarana. Izy ireo dia tena olona toa—toa

mpikaroka, sy mpanao trano, ary olona malaza, mpampianatra. Milaza an'izany koa ny Soratra. Niasa varahina izy ireo. Niasa vy izy ireo. Niasa karazam-by izy ireo. Namoron-javatra maro izy ireo. Nandrendrika karazam-by izy ireo, ary nanao trano, sy ny sisa. Ny Soratra koa milaza an'izany. Ary izy ireo dia mpamingavinga an'ilay Taranaky ny vehivavy, Noa, ilay marina. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

196 Ndao arahintsika lavidavitra kely kokoa izy ireo. Avy eo, dia ho hitantsika izy ireo eo ambony sambo-fiara, izay nandravana ny zavatra rehetra. Lasa tao anatin'ny antontan'ota anankiray izy ireo, ary dia izy ireo no nandray ny fanapahana, ary manan-tsaina indrindra sy mahay indrindra. Farany, niondrika Andriamanitra, tsy betsaka intsony ny tavela, ka dia nampiditra an'i Noa sy ny fianakaviany fotsiny Izy tao anaty sambo-fiara, ka nandrotsaka ny rano ary nandrava ny zavatra manontolo. Nampakatra an'i Enoka, talohan'izany. Marina izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nisy ny taranaka rehetra teo, saiky ny taranaka rehetra mihitsy; saingy nanana tanjona Izy izay tsy maintsy tanteraka.

197 Ankehitriny, Noa sy ireo zanany, izay nivoaka, Hama, Sema, ary Jafeta, nivoaka avy tao amin'ilay taranaka marina.

198 Ahoana no nahatonga an'ilay taranaka ho tafampita? Avy tao amin'ny sambo-fiara ilay voa, tahaka an'ilay izy tany ampiandohana ihany, tamin'ny alàlan'ny vehivavy, ny vadin'izy ireo. Nitondra ny voan'i Satana izy ireo, tao amin'ilay sambo-fiara; tena tahaka ny nitondran'i Eva ny voan'i Satana ihany, mba hiteraka an'i Kaina, tamin'ny alàlan'ny vehivavy.

199 Apetrakareo eo amin'ny lampihazonareo ireny vehivavy ireny ho mpitoriteny, ny Baiboly anefa manameloka an'izany! Hoy i Paoly hoe, "Raha misy olona manao azy ho mpaminany, na manana fahaizam-panahy, dia aoka ho fantany fa izay soratako dia ny didin'ny Tompo; fa raha tsy mahalala izy, dia avelao tsy hahalala ihany izy."

200 Izay no antony nialako tao amin'ny fiangonana Batista eto. Teto Rahalahy Fleeman vao tsy ela akory; heveriko fa tany izy tamin'io hariva io. Hoy Dr. Davis hoe, "Mitsangàna ianao ety ambony ety dia tendreo ho mpitoriteny ireto vehivavy ireto."

Hoy aho hoe, "Tsy hanao an'izany aho. Tsia, tokoa."

Hoy izy hoe, "Dia, horoahiko izany ianao."

201 Hoy aho hoe, "Efa voaroaka tany amin'ny tsaratsara kokoa aho." Hoy aho hoe, "Ity no Tenin'Andriamanitra, ary Ity no manameloka an'ilay zavatra. Ary izaho tsy afaka ny hanangana izay nomelohin'Andriamanitra." Tsia, tompoko.

202 Izay manao an'izany, dia mampiseho fa mpampianatra sandoka izy ireo, mpaminany sandoka. Ny Baiboly no milaza fa ho izany izy ireo. "Mamitaka ny olom-boafidy raha azo atao." Izay ny anareo.

203 Mariho izany ankehitriny. Ary niainga avy amin'izany, avy eo, dia tonga i Hama, i Hama niaraka tamin'ny vadiny, sy ireo sisa. Nanana ozona anankiray izy nipetraka teo amboniny. Avy tao amin'i Hama no nivoaka i Nimroda, izay nanorina an'ny Babylona. Avy tao Babylona no nivoaka ny fiangonana Katolika, ny fiandohany. Dia nidina teo amin'i Ahaba. Avy nidina teo amin'i Ahaba, nankao amin'i Jodasy Iskariota; namarana an'ilay izy, ny antikristy.

204 Ary amin'izao andro farany izao, dia io ilay fanahin'ny antikristy sy ilay Fanahin'i Kristy. Ilay fanahin'ny antikristy, milaza, "Efa lasa ny andron'ny fahagagana." Ilay Fanahin'i Kristy, milaza, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ilay fanahin'ny antikristy manao hoe, "Tsy misy fahasamihafany mihitsy na dia vita batisa tamin'ny 'Ray, Zanaka, Fanahy Masina' aza ianareo, nararaka, nafafy, na inona izany na inona, mitovy ihany ny dikan'izany." Ny Baiboly dia nilaza fa Andriamanitra tsy mety diso, ary tsy afaka miova Izy. Iza àry no tompoinareo? Miankina aminareo izany.

205 Ankehitriny hoy ianareo hoe, "Afaka miara-mitoetra ve izy ireo? Ianao nilaza, fa, tao anaty sambo-fiara, Rahalahy Branham, dia nisy an'i Hama sy Seta." Marina izany, tena marina. I Hama dia olon-dratsy. I Seta dia mpivavaka sy marina. Eny àry.

206 Ndao arahintsika i Hama. Eny àry, ankehitriny, nisy an'i Hama sy Seta tao anatin'ilay sambo-fiara anankiray; ny iray marina, ary ny iray hafa tsy marina. Nisy goaika iray sy voromailala iray tao anatin'ilay sambo-fiara anankiray. Nisy Jodasy sy Jesosy tao anatin'ny fiangonana anankiray. Nisy ny antikristy sy ny Fanahy Masina tao anatin'ny fiangonana anankiray.

207 Ary, ankehitriny, samy miasa ireo fanahy ireo. "Manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, tena mpivavaka, fa manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra saingy mandà ny Hery; alaviro izany zavatra izany." Ny Fanahy Masina, manambara, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Lafiny iza no hofidianareo?

208 Ilay antikristy dia milaza fa *Ity* dia bokin'ny fanekem-pinoana fotsiny. "Hamerimberina ny Fanekem-pinoan'ny Apostoly isika." Mihaika izay rehetra mpitoriteny aho hilaza amiko hoe aiza ao amin'ny Baiboly no ahitana ny Fanekem-pinoan'ny Apostoly: "Izaho mino an'Andriamanitra, Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany; Jesosy Kristy, Zanany. Izaho mino ny Fiangonana Masina Katolika Romana, ny fiombonan'ny olo-masina." Aiza no ahitanareo an'izany ao amin'ny Baiboly? Kanefa dia mbola haverinareo ao amin'ny fiangonam-benareo Metodista sy Batista izany. Fampianarana avy amin'ny devoly izany, ary ireo mpaminany sandoka no mampianatra an'izany.

209 Ary antenaiko fa tsy mandratra ny fihetsem-ponareo aho, saingy paingoriko tsara izany ho an'ity tabernakla ity. Ianareo eto amin'ny Branham Tabernacle, aza manao an'izany zavatra izany. Fa ny zavatra rehetra izay mino ny fiombonan'ny olomasina dia momba ny fanahy. "Iray ihany no mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny olona, ary ilay Lehilahy Jesosy Kristy izany." Aza miraharaha an'izay hoe misy Maria firy!

210 Jereo hoe ahoana no nataon'io taranaky ny vehivavy io tamin'izany? Jereo hoe ahoana no nentin'ilay taranaky ny vehivavy io tany?

211 Jereo ankehitriny, eto Amerika. Amerika dia taranaka avy amin'ny devoly. Inona izy? Firenem-behivavy izy. Efa nandre ianareo hoe, "Ity dia tontolon'ny vehivavy." Marina izany. Firenem-behivavy anankiray izy. Mametraka ny modely izy ireo.

212 Nandeha aho, vao tsy ela izay, tany Soisa. Ireo vehivavy niteny . . . Kely anankiray, vehivavy nanana Fanahy Masina nanao hoe, "Fantatrao moa, raha mankany Amerika aho, dia lazain'izy ireo fa manana fahafahana ny vehivavy any."

213 Hoy aho hoe, "Mamelà ahy hiteny aminao hoe mitarika aiza izany." Dia nanomboka niresaka taminy aho.

Hoy izy hoe, "Oh, mifona, tsy mila ny iray amin'izany aho."

Hoy aho hoe, "Any amin'izany no itarihan'io."

Fantatrareo, ry zareo any tsy manao zavatra tahaka ny atao aty.

214 Inona izany? Mamelà ahy hampiseho aminareo fa vehivavy anankiray i Amerika. Eo amin'ny volantsika dia misy sarimbehivavy anankiray. Ny zavatra rehetra eto dia vehivavy.

215 Lazao ahy, tsy ho ampy ny fivarotana toaka risoriso eto amin'ny firenena, hanana . . . Apetraho eto amin'ity tanàna ity ny fivarotana toaka risoriso efapolo, dia apetraho ny mpivarotena anankitelo, vehivavy tsara tarehy izay hidoladola eny amin'ny arabe; izy ireo no handefa fanahy maro any amin'ny helo, izay nila azy, noho ny fivarotana toaka risoriso rehetra apetrakareo eto amin'ny tanàna. Tena marina mihitsy izany.

216 Iza àry izy io? Vehivavy izany. Inona izy? Izy no andriamanitr'i Amerika.

217 Alaivo ny sasany amin'ireo mpilalao sarimihetsika ireo; tonga eo izy ireo dia manambady in'efatra na in-dimy, miaramiaina amin'ny vady telo na efatra samihafa amin'ny fotoana iray; ary ny sasany amin'ireo magazina mampiseho sy miresaka azy ireo, maka ny sarin'izy ireo mitanjaka. Nefa ianareo tovovavy kely dia mametraka an'izany ho ohatra, (nahoana?) noho ny mamanareo talohanareo, angamba, ny mamabenareo talohanareo. Hitanareo ve hoe aiza no miasa ilay taranaky ny menarana? Azo antoka, izany io.

218 Ary inona no nataon'izany? Raha hatramin'ny taranaka efatra amby folo no meloka ny fahotana, teo ambanin'ny lalàna, dia ahoana kosa no hanamelohana ny fahotana amin'izao andro izao, raha efa saiky lany ilay taranaka marina? Ary Andriamanitra no nilaza fa ho avy ny andro, raha tsy Nohafoheziny ilay asa, dia tsy hisy sisa intsony. Eo amin'ny andro farany isika. Karohy ireo marina izao hariva izao; tetezo ny tanàna!

219 Oh, hahita mpikambana ao amin'ny fiangonana ianareo izay tena mitoky fotsiny amin'ny Batista sy Presbyterana, sy ny sisa, araka izay azony atao. Saingy tsy misy iraharahiany an'Andriamanitra tahaka ny tsy misy iraharahian'ny bitro ny fanaovana kiraron-dranomandry. Tsy mahalala na inona na inona momba Izany izy! Izy rehetra dia mahalala . . . Kristiana ve ianao? "Katolika aho." Kristiana ve ianao? "Batista aho." Kristiana ve ianao? "Presbyterana aho." Kristiana ve ianao? "Pentekotista aho." Tsy misy ifandraisan'Io amin'izany mihitsy.

220 Kristiana ianareo satria ilay Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Fahasoavany, no mamonjy anareo. Ary fantatrareo ny mikasika an'Izany. Ary nisy zavatra nanova ny fiainanareo, ka hafa ny fomba fiainanareo. Ary olom-baovao sy famoronana vaovao ao amin'i Kristy Jesosy ianareo. Azo antoka.

221 Fa hitanareo ve hoe aiza ilay taranaky ny menarana? Inona ilay taranaky ny menarana? Fijangajangana. Arakareo ve? Fijangajangana tamin'i Eva. Inona no nitranga tamin'izany? Inona no nentin'izany? Inona izany izao hariva izao?

222 Jereo ny fahiny, taona vitsy lasa izay, rehefa vao nivoaka ny hira voalohany. Ianareo olona fahiny, rehefa ny . . . Nosivanin'izy ireo taloha ireo hira nialohan'ny namelan'izy ireo hihirana azy ao amin'ny radio. Ary nivoaka ny voalohany, dia ny, "Mihodina, ry zazavavy, mihodina, mampiseho ny lohalikareo tsara," sy ny rehetra tahak'izany. "Esoy i papa sy mama, dia omeo azy rehetra ny 'ha-ha-ha!'" Izany no voalohany navelan'izy ireo nivoaka. Aiza no heverinareo misy an'ilay tovolahy nanoratra an'izany hira izany izao hariva izao? Maty izy.

223 Ahoana no iheveranareo an'i Clara Bow, izay nivoaka voalohany ka niteny ny, *Dangerous Curves*; ary ny fiboridanana izay nandefa fanahy an'arivony any amin'ny helo? Aiza no heverinareo misy azy izao hariva izao? Efa maty efa ela izy. Azy izy izao, miaraka amin'ilay vatany? Mitsiatra any, lo ao anaty vovoka, ary ny kankana sy olitra no mihinana izany. Ary ny fanahiny mitsiatra eo anatrehan'Andriamanitra marina anankiray.

224 Aiza ilay lehilahy izay naka an'io vehivavy io ka nanamboatra an'ireo akanjo vetaveta izay nanaovan'izy ireo, nanosika azy rehetra tetsy sy teroa, ary nivarotra azy ireny? Hoy ianareo, "Nataon'izy ireo inona izany? Nahoana izy ireo no miakanjo an'ireny karazan-javatra ireny?" Satria tianareo

hijery anareo ny lehilahy, ary tsy misy fomba hafa hanaporofoina an'izany.

225 Ary fantatrareo ve fa rehefa manao izany ianareo, ka mijery anareo ireo mpanota sasany, fantatrareo ve hoe inona no miseho? Ao amin'ny Trano Fitsarana . . . Hoy ianareo, "Rahalahy Branham, tena nahitsy arak'izay azoko natao tokoa aho teo amin'ny vadiko." Homelohina noho ny fijangajanganareo ianareo. Hoy Jesosy hoe, "Izay rehetra mijery vehivavy ka mila azy dia efa nijangajanga taminy tao amin'ny fony." Rehefa hamaly noho ny nijangajangany io lehilahy io, iza no ho voalohany nahatonga an'izany? Ilay fomba nampitafianareo ny tenanareo sy nanehoanareo ny tenanareo.

226 Ankehitriny, tsy miteny aminareo akory hoe tsy maintsy mitafy tahaka ny zavatra hafa anankiray efa ntaolo be ianareo. Fa, azonareo atao ny mitovy amin'ny ramatoa anankiray.

227 Dia mivoaka eo sy miboridana, ny sorta fohy kelinareo, dia fatorana ribà kely anankiray manodidina azy tahaka izany; ary ireo zanakareo miaraka amin'ny masony tahaka ny tain-tsigara, miaraka amin'ny sigara anankiray eo am-bavanareo, mandeha eny an-dàlana. Tsy antony tsara no anaovanareo an'izany. Mety tsy nanao an'ilay asa ratsy ianareo, saingy ny devoly kosa no nampiasa anareo ho fitaovana anankiray tahaka ny nanaovany an'i Eva fotsiny.

228 Nahoana izy no firenem-behivavy? Satria mitarika avy hatrany any amin'ny fifehezan'ny Katolisisma izany. Inona izany ankehitriny? Tsy mandre azy ireo manonona an'i Jesosy ianareo. "Arahaba ry Maria! Maria, renin'Andriamanitra! Masimbavy Cecilia!" Karazana olo-masina rehetra, olo-masina efa maty. Teto vao tsy ela akory izay, tao amin'ny . . .

229 Tany Mexico tany aho, tamin'ny herin-taona. Indro tonga ny vehivavy mahantra anankiray, nandadilady. Ny lohaliny, niendakendaka daholo tahaka izany, toa hodi-biby; nitomany, ary nitazona ny tànany. Ary ilay ray namindra, nitondra zaza kely anankiroa, nitomany izy ireo; ilay reny koa mijaly; noho ny vehivavy anankiray, izay nantsoin'izy ireo hoe masimbavy, izay maty. Nanana ny tsangambatony izy ireo tery ambonin'ilay havoana. Lehilahy iray tia azy no namono azy. Ary vantany vao novonoina tahaka an'izany izy, mavaza ho azy, dia lasa masina anankiray; Katolika izy io. Koa dia lasa izy, hanao fifonana; ary tsy maintsy nandady roa maily izy, ambonin'ny rarivato boribory, hanao fifonana.

230 Rahalahy, raha misy zavatra anankiray izay tsy maintsy hataoko, dia maty foana Jesosy Kristy. Fahasoavana, no namonjena ahy; ary tsy noho ny—noho ny tenako manokana, fa noho ny sitrapon'Andriamanitra, ary noho ny fahatsaram-panahin'Andriamanitra.

231 Ireo mpitati-baovao dia nanontany ahy, nanao hoe, "Atoa. Branham . . ." Ilay—ilay bitika, zaza maty izay tafaverina tamin'ny ainy indray, sy ireo zavatra samihafa teto. Katolika telo alina . . . Tsia, mifona aminareo aho. Roa alina ilay izy. Telo alina ilay tany Afrika. Katolika roa alina no nandray an'i Kristy ho Mpamonjiny manokana, tao anatin'ny fotoana iray, rehefa niseho izany, nitsangana tao Mexico City. Ary ireo pretra, tsy afa-niteny na inona na inona; be dia be, no nanomboka nihoraka. Nisy be dia be tery amin'ny ilany. Noho izany dia hoy izy, "Atoa. Branham, mino ve ianao fa ireo olo-masinay dia mahay manao zavatra toy izao ataonao izao?"

232 Fantatro ny fampianarany, dia hoy aho hoe, "Azo antoka, raha velona izy ireny." Hitanareo? Noho izany, tsy ho lasa olo-masina Katolika anankiray ianareo raha tsy efa maty, fantatrareo.

Koa hoy izy hoe, "Oh, tsy ho lasa olo-masina ianareo raha tsy efa maty."

233 Hoy aho hoe, "Aiza no amakianareo an'izany? Hoy i Paoly hoe, 'Ho an'ireo olo-masina izay any Efesosy,' sy ireo izay nantsoin'Andriamanitra. 'Ho an'ireo olo-masina izay any Efesosy,' namaky ny taratasiny izy; ary ireo olo-masina tany amin'ny toeran-kafa, tany Galatia, sy—sy 'ireo olo-masina any Roma,' sy ny sisa. Ireo *olo-masina*, 'ireo nohamasinina.' Ahoana ny amin'izany?"

234 Hoy izy hoe, "Mazava ho azy, ankehitriny, tsy natao hiady hevitra ny Baiboly isika. Satria, isika no fiangonana, ary izay no lazain'ny fiangonana. Tsy ahoantsika izay lazain'ny Baiboly. Fa izay lazain'ny fiangonana ihany." Hoy izy, "Inona àry no hevitrao ny amin'ny fiangonana Katolika?"

235 Hoy aho hoe, "Aleoko tsy nanontany ahy an'izany ianao. Satria nanontany ahy ianao, dia hilaza aminao ny Fahamarinana aho."

Hoy izy, "Eny, tiako hilaza amiko ny Fahamarinana ianao."

Hoy aho hoe, "Ny endrika ambony indrindra izay fantatro ny amin'ny momba ny fanahy."

Hoy izy hoe, "Ahoana no nahazoanao an'izany?"

236 Hoy aho hoe, "Ny zavatra rehetra izay mangataka amin'ny maty dia momba ny fanahy." Hoy aho hoe, "Raha mamaly io olo-masina io, dia any amin'ny helo izy izay. Satria, ireo izay efa niampita an'ilay làlana, ny—ny Baiboliko no milaza fa tsy afaka miverina intsony izy." Marina izany. Dia hoy aho hoe, "Raha izany izy, raha olo-masina izy; dia ny devoly no miteny tahaka ny olo-masina anankiray, ary tsy olo-masina izy, raha ny tena izy."

237 Dia hoy izy hoe, "Eny, ankehitriny, vetivety fotsiny hoe." Hoy izy, "Ianareo miresaka amin'ny maty, ihany koa."

Hoy aho hoe, "Taiza?"

Hoy izy hoe, "Jesosy Kristy dia maty."

238 Hoy aho hoe, "Fa nitsangana Izy. Tsy maty Izy. Fa velona Izy, mba hanao ny fanelanelanana, ary mpanalalana tokana eo amin'Andriamanitra sy ny olona."

239 "Izaho Ilay efa maty, nefa velona indray, ary velona mandrakizay. Izaho no manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo." "Izay rehetra maniry, aoka izy ho tonga ka hisotro avy amin'ny ranon'ny Fiainana." Oadray! Izany no Andriamanintsika. Izany no Andriamanintsika.

240 Ary efa saiky ho lany ilay taranaky ny marina. Resaho amin'ny olona ny mikasika an'izany zavatra izany. Resaho amin'ny olona ny mikasika ny fiverenana amin'ny fomban'ny Baiboly. Resaho amin'ny olona ny mikasika ny fahagagana. Resaho amin'ny olona ny mikasika izany. Ireo "fiangonany dia tsy mino an'Izany," noho izany dia zazasary izy ireo, amin'Andriamanitra. Ny Baiboly dia milaza fa raha tsy mahatanty fanenjehana isika, sy fizahan-toetra, fanesoana, ka antsoina hoe "holy-rollers" sy ny sisa, tahaka izany; raha tsy mahatanty ianareo, dia zazasary izay ianareo, fa tsy zanak'Andriamanitra. Ny Baiboly koa milaza an'izany.

241 Antsoy hoe "holy-roller" aho, raha tianareo. Antsoy amin'izay rehetra tianareo aho. Raha mbola mahitsy miaraka amin'Andriamanitra foana ny foko, ka ny fahatsapako mitovy tsara amin'ny Baibolin'Andriamanitra, dia mitohy mahitsy amin'izany làlana izany foana aho. Eny, tompoko. Izany no zavatra inoantsika. Izany no Fiangonan'Andriamanitra velona, izay tsy avy amin'ny teolojia. Tsy avy amin'izay nataon'olombelona Izany, fahalalana ara-tsaina. Fa avy amin'ny tena Fahamarinana voambara Izany fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra.

242 Raha fahalalana ara-tsaina fotsiny ihany no azoko, satria ny fiangonana Batista na ny fiangonana Metodista nampianatra ahy fa ity *izao-sy-izao* ity no zavatra; rehefa mandre an'ity Baiboly ity aho, raha ny Baiboly. . . Raha natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," aho, ka mamaky an'ity Baiboly ity, ka mpitoriteny anankiray no nilaza tamiko fa tsy nisy na dia iray aza ao anatin'ny Baiboly natao batisa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ka novakiako izany ary hitako fa izany no Fahamarinana, dia handeha ho any amin'ilay rano haingana arak'izay azoko atao aho. Eny, tompoko.

243 Raha misy olona milaza amiko fa—fa Jesosy Kristy no mpanasitrana lehibe indrindra; ka ny fiangonako milaza amiko hoe, "Efa lasa ny andron'ny fahagagana," nefa aho mila fanasitranana; dia hihazakazaka haingana arak'izay azoko atao aho, ho eny amin'ny alitara, mba ho sitrana. Azo antoka fa hanao aho.

244 Raha mpitoriteny anankiray aho, ka manana ve—vehivavy mpitoriteny anankiray eo amin'ny polipitrako, ka mamaky ao amin'ilay Baiboly aho ary mahita fa tsy natao hitory teny ny vehivavy, dia ho esoriko miala eo izy, na dia haningotra ny aiko aza izany.

245 Ary tadidinareo, nipetraka tery aoriana tery izay misy an-dRanabavy Wright, indray hariva, ilay vehivavy izay nandeha nandroaka ahy nivoaka ny varavarana noho ny nanaovako zavatra tahaka izany. Eny, tompoko. Hoy aho hoe, "Tsy ho tafiditra ao amin'ny fiangonako mihitsy ianao miaraka amin'ny zavatrao . . . " Tamin'izy ireo mbola niakanjo, na nandidy ny akanjony tataka tahaka an'izao, sy ireny karazan-javatra hafahafa ireny, ka saiky miseho ny antsasaky ny vatany. Hoy aho hoe, "Raha miditra ao amin'ny fiangonako izy ireo, azoko antoka fa havoakako izy ireo." Ary ilay karazana tsy mahalala menatra teto, tsy ela akory taorian'izany dia maty izy; ary tamin'izany dia niantso ahy izy, teo an-dàlam-pahafatesana. Tovovavy Katolika anankiray izy io, nandeha teo ary nipetraka niaraka tamin'io tahaka an'izany. Nitodika aho ary nitazana azy, nipetraka teto, ary nihira izy ireo. Nesoriko ny akanjoko ambony, niverina teo aho, napetrako teo ambonin'ny soriny ilay izy. Hoy aho hoe, "Madama, raha hihaino ahy hitory teny ianao, dia sitrakao ve ny hanao an'ity akanjo ambony ity raha ato anatin'ny fiangonan'Andriamanitra ianao." Hitanareo? Azo antoka.

246 Nijadojadona izy nivoaka, nokaikeriny ireo molokeliny. Nivoaka ny trano izy. Hoy izy hoe, "Raha izao no fivavahana ananany, dia tsy havelako hahazo an'izao karazam-pivavahana izao ny ombivaviko."

Hoy aho hoe, "Aza manahy ianao, fa tsy hanana an'izao izy."

247 Avy eo nanana trano-lay izahay, dia niantso ahy izy ireo rehefa ho faty izy. Tratry ny aretim-po izy, ary dia efa ho faty. Tonga ny vadiny. Izy, "Afaka, tongava haingana." Ary tao anaty fivoriana mihitsy aho tamin'izay. Lehibe, tovolahy ngeza be, nitsangana teo am-baravarana, niandry ahy. Ary nihazakazaka aho araka . . .

248 Niditra tao anaty fiarako aho dia nandeha nankany. Rehefa niakatra aho, dia nifanena tamin'ilay mpitsabo nivoaka teo, izay mipetraka any Howard Park, foana. Hoy izy hoe, "Reverà, tsy misy ilàna ny fahatongavana intsony." Eo amin'ny roapolo taona lasa eo izany, mihoatra kely angamba. Hoy izy, "Maty izy." Hoy izy, "Teo amin'ny telo minitra teo izay no nahafatesany." Hoy izy, "Niantsoantso mafy araka izay tratrany izy, ho anao." Hoy izy, "Nahazo hafatra iray ho anao aho."

Hoy aho, "Inona?"

249 Hoy izy, "Lazao an'ilay mpitoriteny, izay nilazako an'izany, 'Azafady mamelà ahy.'"

250 Nidina teo aho mba hijery azy. Vehivavy tsara tarehy; ary tena nijaly loatra izy. Nisy panda kely nanodidina ny orony; tovovavy mahafatifaty. Ary ireo panda, tahaka ny hoe, nivoaka. Ary ireo masony dia nipotsaka tanteraka avy teo amin'ny tranony, ary nivadika hatreo amin'ny fisasahany. Mazava ho azy, fa niasa mafy ireo tsinainy sy ireo voany, ary ny fofona niakatra avy teo amin'ny fandriana, tahaka izany.

251 Ary nijery ahy ny vadiny, nanao hoe, "Rahalahy Branham, manonona vavaka anankiray, satria naniry ny hahita anao izy."

Hoy aho hoe, "Ny vavaka iray ho azy dia tsy hahavita soa intsony."

252 "Ny toerana izay ilatsahan'ny hazo, dia izay no toerana hahalavoany." Hitanareo? "Aza mety ho fitahina; tsy azo vazivaziana Andriamanitra. Izay afafin'ny olona, dia izay no hojinjainy."

253 Hitanareo ve hoe aiza ilay izy? Ankehitriny inona no miseho? Jereo ny vehivavy izay hanao an'izany. Jereo ireo vehivavy izay niaina fahiny, ilay tovovavy mpihira, inona ny zananivavy? Ratsy fitondran-tena anankiray. Inona ny zanakavavin'ilay ratsy fitondran-tena? Tanoran'ny dihy rôka. Ho lasa inona ny zananivavy? Hmm! Inona izany?

Hitanareo ve ilay taranaky ny marina?

254 Jereo ianareo Batista. Miverena kely fotsiny any aoriana. Miverena amin'i John Smith, ny mpanorinareo, ianareo Batista. Rehefa, nivavaka ho an'ny fahotan'ny olona izy, mandrapaha, nitomany izy sady nivavaka ho an'ny olona mandrapahatongan'ny masony mivonto nikimpy, ka ny vadiny no tsy maintsy namahana azy teo amin'ny latabatra, ny sakafo marainany.

255 Ary ianareo Metodista eto, miaraka amin'ny firavaka eny amin'ny oronareo sy eo amin'ny sofinareo, ka mitovy amin'ny riran-dasely ho an'ny devoly; dia mivoaka, manao sorta, sy ny zavatra toy izany! Rehefa, ilay John Smith, iray amin'ireo loholon'ny fiangonana Metodista, talohan'ny nahafatesany teo amin'ny faha-dimy amby valopolo taonany, nitory teny fohy taona efatra . . . ora efatra. Tsy maintsy nibata azy izy ireo ary nametraka azy teo amin'ny polipitra. Ary izao no teniny farany. Hoy izy hoe, "Tena taitra mafy aho ny amin'ny fihetsiky ny fiangonana Metodista." Hoy izy, "Na dia ireo zanakavavin'ny fiangonana Metodista aza dia mametaka peratra volamena eny amin'ny rantsan-tànany." Inona àry no ho lazainy ankehitriny, miaraka amin'ireo sorta, mihira ao amin'ny antoko mpihira?

256 Nihazakazaka tsara ianareo. Inona no nitranga? Manao tahaka ny ataon'ny mamanareo ianareo. Tena izany tokoa io.

257 Izany no antony tsy ilàntsika an'ireo anaram-piangonana ireo hanantona amin'ity, na hametaka eto ambony eto hoe,

"Metodista izahay. Batista izahay." Avy amin'i Kristy fotsiny isika. Avelao io ho tahaka izany, aoka ho afaka.

258 Ankehitriny, hitanareo ve ilay taranaky ny menarana? Inona no tian'ny vehivavy tahaka izany hapetaka? Inona no hataon'izany? Inona? Tazoniny foana izany, midina hatrany. Natosik'izy ireo any aoriana ny Batista, natosiny any aoriana ny Metodista, natosiny any aoriana ny Presbyterana. Inona no nataony? Lasa niverina any aoriana izy rehetra, tahaka an'ireo mamany, ilay mpijangajanga tranainy. Ireo izy rehetra, samy manao an'ilay fijangajangana. "Eny, tsy misy fahasamihafany izany. Nasitrika izy ireo. Nofafazana izy ireo. Izy ireo, tonga izy ireo, nanao fifonana. Efa nahavita ny fampahorian-tenany enim-bolana izy ireo; tsy nisotro betsaka intsony izy ireo nandritr'izany fotoana izany, sy ny sisa. Lasa mpikambana tsara izy ireo. Izy ireo mandoa tsara ny . . ." Oh, oadray! Tsy misy idiran'izany amin'ny vokatry ny Fanahy mihitsy.

259 Ny vokatry ny Fanahy dia "finoana," mino an'i Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay; "fitiavana" ny rahalahy; "fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, faharetana, fahalemem-panahy, fahononam-po." Izany ilay zavatra, ireo vokatry ny Fanahy.

260 Fa isika maka olona anankiray, "Eny, izy—izy dia miaina amin'ny fiainana tsara eo amin'ny fiaraha-monina." Esao koa.

261 Tsy nandratra olona mihitsy Esao, nefa Esao dia avy amin'ny devoly; fa i Jakoba, avy ao amin'ny kibo iray ihany, no avy tamin'Andriamanitra. Ilay taranaky ny devoly; ilay Taranaky ny vehivavy, ilay Taranak'Andriamanitra no tafavoaka.

262 Ankehitriny, hitanareo ve, tonga teo amin'izany izy rehetra, ho inona sisa no tavela eto amin'izao tontolo izao ankehitriny? Ho lazaiko amin'ny teny henjana izy, entiko eto izany, avy eo isika dia hanomboka ny fifohazana aorian'izany, amin'ny fivoriana manaraka. Ho lasa endrika anankiray izany. Ary, azafady, tsy fanimbazimbana akory no hilazako an'izao. Tsy ny hasiaka akory no hilazako azy. Ho tonga eo amin'ny toerana anankiray izany, ngeza be anankiray, vondron'ny zazasary mpivavaka, ankizy zazasary. Io no fanamarihako farany. Izany marina tokoa no hahatongavan'io. Fantatrareo fa izany no marina. Ho tonga eo amin'ny toerana anankiray izany mandra-pahatongany ho mpiray fiangonana sy mpikambam-piangonana, "Manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny," mandra-pahatongany ho vondrom-pivavaka, ankizy zazasary. Izany marina tokoa izy io.

263 Inona no tavela manaraka? Misy fitaovam-piadiana anankiray mihantona any, maro amin'izy ireo, dia baomba kobalta sy zavatra hafa. Miandry fotsiny ny hahatongavan'ilay ora izy ireo. Ary hisy fandravana anankiray amin'ny alàlan'ny afo, tahaka ny efa nisiany tamin'ny alàlan'ny rano.

264 Ary, ry sakaiza, na inona na inona ataonareo, raha Kristiana ianareo ka manana an'Andriamanitra ao anatin'ny fonareo, ary mahalala fa efa tafafindra avy tao amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo, dia tokony ho olona sambatra indrindra ianareo eto ambonin'ny tany. Rehefa ilay Fanahy Masina ao anatinareo . . .

265 Fa, ny Baiboly manao hoe, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

266 Ny anaram-piangonana manao hoe, "Fa izahay kosa mino fa efa tapitra ny fahagagana."

267 Ny Fanahy Masina manao hoe, "Amena. Jesosy Kristy no tsy miova omaly, ary mandrakizay. Ho tanteraka anie izany."

268 Raha milaza ny Baiboly hoe, "Mibebaha, ary aoka ianareo rehetra samy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy mba hahazo famelana ny helokareo, ary ianareo handray ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ny zanakareo, ho an'ny Jentilisa, ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza an'ny Tompo Andriamanintsika—na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanintsika." Hitanareo? (Tsy hoe, "na iza na iza antsoin'ny Metodista, antsoin'ny Batista.") Fa, "Na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanintsika, dia hahazo an'io Fanahy Masina io, sy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy." Izany no lazain'ny Baiboly.

Raha mahakasika anareo izany, dia hoy ianareo hoe, "Amena."

Ny fiangonana manao hoe, "Oh, tsy misy fahasamihafana izany."

269 Fa ny Fanahy Masina ao aminareo kosa, manao, "amena" amin'ny Teniny. "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Io ny anareo.

270 Tiako ianareo haneho ahy Soratra iray izay misy ny nilazana fa paoma anankiray no nanomboka an'ilay zavatra ho tonga ankehitriny. Tiako ianareo haneho amiko fa nihinana paoma izy ireo. Nasehoko anareo hoe taiza no nieritreretan'i Kaina an'izany zavatra izany, ary aiza no mbola ieritreretan'ny taranany foana an'izany zavatra izany.

271 Fa ny fanambarana ara-panahin'Andriamanitra no manaporofo, amin'ny alàlan'ny Baiboly, fa firaisana ara-nofo teo amin'ny lehilahy sy vehivavy izany, tsy ara-dalàna. Avy teo no nahatongavan'ireo olom-benareo. Avy tamin'izany no nahatongavan'ny fahotanareo. Avy tamin'izany no nahatongavan'ny fahalovanareo. Avy tamin'izany no nidinan'io.

272 Ankehitriny mariho ny rehetra ao anatin'izany—izany, jereo, ilay—ilay menarana dia nanan-tsaina avo roa heny. Ny taranany koa dia nanan-tsaina avo roa heny foana. Ary te-hianika eto

amin'ity polipitra ity aho ka handrombaka an'ity fanamafisam-peo ity eto an-tànako, [Mamindra an'ilay fanamafisam-peo Rahalahy Branham—Mpand.], ary hametraka ny tongotro eto ambonin'ny polipitra, ka hiteny an'izany. Ary, ankehitriny, aiza ireo mahay be anareo? Ireo pasiteranareo izay lasa sy maka fahalalana ara-tsaina be dia be, ka mitsangana izy; izy dia pasiteran'ireo fiangonana lehibe indrindra izay misy eto amin'ny firenena, sy ny sisa tahaka izany. Aiza no mitsangana ilay taranaky ny menarana? Eo amin'ny toeran'ireo manan-tsaina mahay tahaka izany; fetsy, mpianatra lalin-tsaina. Eo no misy azy. Eo no hamitsahany.

273 "Tsy amin-kery, tsy amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy ny Tompo." Hitanareo? Eo ianareo no . . .

274 Avy eo dia alainareo ny rahalahy kely anankiray ery an-jorony, ny masony mitomany mafy, ary angamba mitsangana eo mitendry gitara tonta anankiray, manao hoe, "Rahalahy, avia, hahita ny Tompo!"

275 Mandalo eo i pasitera, manao hoe, "Hah! Izaho tsy hamela ny fiangonako . . . Fa, tsy hikambana aho, tsy havelako ny . . . tsy havelako hahita ahy hiodinkodina eo amin'ny toerana tahaka an'izao mihitsy i Liddy sy Johnny sy ny hafa." Mandehàna, taranaky ny devoly, eo am-pizorana ho any amin'ny fiafaranareo Mandrakizay ianareo, raha ny tena izy. Marina izany. Afaka milaza teny hafa aho eo, ka hanao hoe "ankizy zazasary," ary tena saiky efa eo amin'izany mihitsy no misy azy io. Satria, hitanareo, ianareo . . .

276 "Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy notarihin'ny Raiko izy. Ary izay rehetra manatona Ahy, dia Izaho no hanangana azy amin'ny andro farany. Tsy hisy ho very. Azoko izy. Izaho hihazona azy. Tsy misy olona hahavita izany, afa-tsy Ity."

277 Ny zavatra rehetra dia ao Aminy. Tsy afaka hilaza ianareo hoe, "Nanao zavatra anankiray aho." Ny fahasoavan'Andriamanitra no nanao azy rehetra io. Noho izany, tsy nisy na inona na inona nataoko. Tsy nanana zavatra anankiray hatao aho; ianareo tsia, tsisy. Tsy mendrika na dia zavatra anankiray akory aza ianareo. Andriamanitra no nanao ny rehetra amin'io. Tsy nanetsika mihitsy ny rantsanareo akory ianareo tamin'ny ampahany iray amin'izany. Tsy hilaza ianareo hoe, "Eny, izaho dia nivoaka avy tao amina fianakaviana tsara anankiray. Izaho no nanao an'*ity*." Tsy misy zavatra anankiray ifandraisan'izany amin'io mihitsy. Andriamanitra no hany Tokana Izay nanao an'izany; famindrampon'Andriamanitra.

278 Miala tsiny aho ankehitriny, mbola tsy tena amin'ny iraika amby folo izao, saingy hamarana aho, na izany aza. Hitanareo?

279 Firy no mahalala fa ny Baiboly no miteny an'ireo zavatra ireo ho Fahamarinana; ianareo olon'ny Branham Tabernacle,

indrindra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, izany dia mbola ny ampaha-enina amby folon'izay ampianarintsika sy inoantsika. Saingy, tsarovy, ho anareo mpijery, afaka ny hilaza an'izao aho, ianareo olona izay tsy mpikambana tonga eto. Ny fomba inoanay an'izany, dia *Ity* ny Baiboly, ary ny Baiboly no Fahamarinan'Andriamanitra.

280 Ary mino izahay, fa, ao amin'ny Testamenta Taloha, ankehitriny, dia nanana fomba anankiray izy ireo hahalalana hoe inona no marina ary inona no tsy marina.

281 Ankehitriny, isika dia mahalala fa nanana ny lalàna voasoratra izy ireo. Firy no mahalala an'izany? Ny lalàna, ny—ny didy dia tao anatin'ny fiara, sy ny sisa; eny àry, ary ny lalàna teo ambonin'ny didy. Nanao hoe, "Aza mijangajanga. Izay rehetra mijangajanga dia toraham-bato." Hitanareo? Izay ilay—ilay didy, ary ny lalàna no teo ambonin'ny didy. Ankehitriny, ilay fiara dia napetraka tahaka an'*izao*; ny didy dia teto ambany teo, ary ny lalàn'ny didy dia tao anatin'ireo paosy teo amin'ny sisin'ilay fiara. Raha misy olona tonga teo, nijangajanga; atsofony ao ny tànany dia alainy izay lazain'ny lalàna, "toraho vato izy." Entin'izy ireo mivoaka izy dia toraham-bato. Izay no lalàna teo ambonin'ilay didy.

282 Ankehitriny dia mbola nanana fomba roa hafa hahalalana koa izy ireo. Nisy telo foana, mba ho fanamarinana. Nanana fomba fahalalana anankiray hafa izy ireo, ary dia na tamin'ny alàlan'ny mpaminany anankiray na mpanonofy anankiray. Firy no mahalala an'izany? "Raha misy eo aminareo olona ara-panahy, na mpaminany, dia Izaho Tompo no haneho ny Tenako aminy amin'ny alàlan'ny nofy, sy hiresaka aminy amin'ny fahitana." Marina izany. Ankehitriny, dia mpanao faminaniana izy.

283 Ankehitriny, raha misy olona tonga eo, manao hoe, "Oh, Haleloia, nahazo azy aho! Maminany aho ankehitriny amin'ny Anaran'ny Tompo. Nahazo ny fanambarana aho." Tsy avelan'izy ireo handeha fotsiny tahaka izany io, tahaka ny anaovanareo azy. Dinihin'izy ireo amin'ny alàlan'ilay Andriamanitra izany, aloha.

284 Ankehitriny, teo amin'ny saron-tratran'i Arona dia nanana izy ireo an'ilay antsoiny hoe ny Orima Tomima. Firy no efa mba nandre an'izany teny izany? Inona izany? Vato roa ambin'ny folo, enina isan'andaniny, an'ireo patriarka roa ambin'ny folo; jaspy, Joda, sy ny sisa, dia midina ihany, ireo vato roa ambin'ny folo. Ary avy eo dia alain'izy ireo io mpaminany io, na mpanonofy, dia atsangan'izy ireo io saron-tratra io, dia atsangan'izy ireo eo izy. Dia hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny maminania ary ambarao ny faminanianao."

"Niteny tamiko ny Tompo ary nilaza zavatra—zavatra toy izao."

285 Na toy inona na toy inona mety hahamarina an'ilay izy, mety hita ho tahaka ny tena marina tanteraka tokoa ilay izy; saingy raha tsy miara-tonga ireo hazavana ireo ka manome lokon'ny avana manodidina eo, ilay Orima Tomima, ireo hazavana ireo dia miara-mivondrona, miasa ilay ivelan'ny voajanahary, manamarina. Hitanareo, nanamarina ny Teniny foana Andriamanitra. Hitanareo? Ary raha tsy manjelanjelatra eo io hazavana ivelan'ny voajanahary io, tsy ahoako izay mety hisehoany ho tena marina, dia diso izany.

286 Raha misy mpanonofy anankiray manao hoe, "Nanonofy nofy anankiray aho, ary io nofy io nilaza, fa, 'Hifindra ny Isiraely ka handeha ho any amin'ny toerana anankiray, satria ho avy ny Syriana atsy amin'*itsy* ilany itsy ka hanao fahirano azy.'" Entin'izy ireo eo izany mpanonofy izany; manambara ny nofiny izy. Raha tsy manjelanjelatra manodidina eo ireo hazavana ireo, dia diso izy, na manao ahoana . . . Na dia efa vonona ny hiady aza ireo Syriana ireo tany, dia diso foana izy. Tsia, tompoko. Izy ireo, tsy maintsy, nila noporofoina tamin'ny alàlan'ny Orima Tomima izany.

287 Ankehitriny ny tsirairay dia mahalala fa efa lasa izany fisoronana taloha izany, efa foana, ary lasa niaraka tamin'izany koa ilay Orima Tomima. Fantatsika izany, sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

288 Ary tonga ny fisoronana vaovao. Inona? Manana Orima Tomima anankiray ve isika? Eny, tompoko. Tenin'Andriamanitra! Eny, tompoko. *Ity* izany. Raha misy olona manana karazana fanambarana anankiray, na miteny zavatra, na fampianarana tsy mifanaraka na ma—manamaivana an'ity Baiboly ity, eran'ny Soratra manontolo, dia diso izy. Tsy ahoako na anaram-piangonana inona izy, na tsara toy inona izy, na mahay toy inona izy, na nianatra toy inona izy; diso izy.

289 Ary raha misy olona miteny aminareo an'izany zavatra izany, izay nampianarintsika teto amin'ity fiangonana ity ankehitriny, ka hiteny aminareo, fa, "Rehefa nofafazana ianareo, dia efa mety izany," nilaza lainga taminareo izy izay. Tsy hanjelatra eo amin'ilay Orima Tomima izany. Raha miteny aminareo izy, fa, "Tena mety ny fandrarahana," nilaza lainga taminareo izy izay. Miteny aminareo izy, hoe, "Ny vita batisa amin'ny anaran'ny 'Ray, Zanaka, Fanahy Masina,' dia tena mety," nilaza lainga taminareo izy izay. Raha miteny aminareo izy hoe, "Efa lasa ny andron'ny fahagagana," nilaza lainga taminareo izy izay. Raha miteny aminareo izy hoe, "Tena mety ho an'ny vehivavy ny mitory teny," nilaza lainga taminareo izy izay. Raha niteny aminareo izy hoe, "Tena mety aminareo ny mandroso dia miraikitra amin'ny anaram-piangonanareo," nilaza lainga taminareo izy izay. Tsy hanjelatra eo amin'ilay Orima Tomima izany. Ary zavatra roa ambin'ny folo no nampidirina, tao amin'io

"RENY MPIJANGAJANGA," ela io ka tonga eto, ary izany no antony ijanonantsika lavitry ny anaram-piangonana.

290 Tiantsika ireo rahalahy sy anabavintsika ao amin'ireny anaram-piangonana ireny. Fa aza mandeha ianareo, ka hanao hoe, "Metodista aho," ka hanao anareo Kristiana anankiray, raha amiko. Kristiana ianareo satria nateraky ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy mila ho lasa Metodista na Batista ianareo. Tsy mila ho lasa na inona na inona ianareo. Mila ateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo. Mino izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

291 Eo ambonin'ireo fototra ireo, raha misy olona eto ka te-hikambana ary hiditra ao anatin'ny firaisan'izao fanompoana izao, ka te-ho—te-ho hasitrika, hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia io ny dobo. Hanao batisa izy ireo, ao anatin'ny iray minitra fotsiny.

292 Raha misy, maro eto, olona te-ho avy, na fomba inona na inona? Eto izahay. Marina izany.

293 Ankehitriny, izahay—izahay tsy mba manana karatry ny mpikambana ; tongava fotsiny eto amin'ity fiangonana ity ianareo. Izahay dia mino fa Kristy dia ao amin'ny fiangonana Metodista, ny fiangonana Batista, ny fiangonana Presbyterana. Manana mpikambana ao amin'ny tsirairay amin'izy ireo Izy. Fa ny tsy ampy, ankehitriny; dia ny faminaniana sandoka nitondra an'ireo zavatra ireo, ny fampianaran'ireo fiangonana ireo, izay tena mifanohitra tanteraka amin'ny Baiboly.

294 Ankehitriny, raha misy olona manao an'Izany ka hanazava amiko, dia entiko ny tenako. . . Izaho dia mino fa misy Fanahin'Andriamanitra ampy ato anatiko, handinihako an'ity Baiboly ity ka handehanako sy hanitsiako an'izany. Raha mandeha fotsiny aho ka nifandray tànana tamin'ireo mpitoriteny, sy mametraka ny anarako eo amin'ny boky, kanefa mbola nanana fankahalana sy lolom-po ao anatin'ny foko, ary mbola manana fitsiriritana sy fifandrafiana, sy mbola tsy mino an'i Jesosy Kristy ho mpanasitrana lehibe, sy ny sisa tahaka izany, dia handeha aho handamina an'izay eo amin'Andriamanitra, haingana mihitsy. Azo antoka fa hanao aho. Izaho—izaho dia ho tso-po ny amin'izany. Handeha mahitsy miaraka amin'Andriamanitra aho. Raha nihantona teo fotsiny aho satria hoe Batista aho na Metodista, dia hidina aho ka handray ny Kristianisma ato am-poko. Hataoko izany. Eny, tompoko.

295 Ankehitriny tsarovy ilay fifohazana ho avy, izay hanomboka, raha sitrapon'ny Tompo, amin'ny Alarobia hariva ho avy izao. Eo ambonin'ireo fototra ireo izany.

296 Henoy, ry sakaiza, misy Andriamanitra marina sy velona anankiray. Marina izany. Jesosy Kristy no

Zanak'Andriamanitra. Ao amin'ny Fiangonana ankehitriny ny Fanahy Masina.

297 Ankehitriny, raha olona fotsiny no niteny an'izany tamiko, dia manana zo ny hisalasala ny amin'izany aho. Saingy, henoy. Indray andro tany, raha mbola zazalahy kely, dia nitsangana teo ambanin'ny hazo anankiray aho; nahita Azy aho. Nandre Azy aho. Nilaza tamiko Izy, nanao hoe, "Alaviro ireny vehivavy maloto ireny. Alaviro ny sigara. Alaviro ny teny ratsy, fisotroana, sy ireo zavatra rehetra ireo. Manana asa hampanaovina anao Aho rehefa lehibe ianao." Fantatro fa tena misy Izy, Andriamanitra velona izay miahy ny Teniny.

298 Rehefa nahazoazo taona kely aho, ahoana no Nihaonany tamiko, ahoana no Niresahany tamiko! Ahoana no nahitako Azy tany, tahaka ny roimemy mirehitra, ary izany Afo izany dia nihodinkodina tany! Ahoana no nahitako Azy niresaka sy nilaza fa izany marina tokoa no hiseho; ary, tamin'ny fotoana rehetra, dia nitranga tanteraka araka izay azo atao izany, tanteraka tahaka izany.

299 Ilay Tokana tsy miova izay nilaza an'ireo zavatra tanteraka tahaka izany ireo, no ilay Tokana tsy miova Izay mahatonga ahy hampianatra an'ity Baiboly ity araka ny fomba ampianarako Azy. Marina izany. Noho izany, dia avy amin'Andriamanitra Izany. Amiko, dia Andriamanitra Tsitoha izany, ary Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

300 Hoy Jesosy hoe, "Nivoaka avy tamin'ny Ray Aho, ary hankany amin'ny Ray Aho." Rehefa tonga Izy . . .

301 Raha Andriamanitra Izy tany an-efitra, dia Hazavana nirehitra Izy. Ary firy no mahalala an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hazavana nirehitra anankiray Izy, Andry Afo.

302 Ary tonga teto an-tany Izy, ka hoy Izy hoe, "Nivoaka avy tamin'ny Ray Aho, ary Izaho ho . . . Nivoaka avy tamin'Andriamanitra Aho, ary hiverina amin'Andriamanitra Aho."

303 Rehefa maty Izy, nalevina, nitsangana indray, ka nifanena Taminy indray teny amin'ny làlan'ny Damaskosy i Paoly, dia inona Izy? [Nisy olona nanao hoe, "Andry Afo."—Mpand.] Mbola Andry Afo. Eny, tompoko.

304 Inona no Nataony rehefa tety ambonin'ny tany Izy? Inona no Nataony raha nifanena tamin'i Paoly Izy? Ahoana no Nanirahany azy? Nirahiny tany amin'ny mpaminany anankiray izy izay nilaza taminy hoe ahoana no fanaovana batisa, nilaza taminy hoe inona no hatao; nametraka ny tànany teo aminy ary nanasitrana azy, nilaza taminy fa nahita fahitana izy.

305 Io Jesosy tsy miova io ihany no eto ankehitriny, manao zavatra mitovy, ary mbola ilay Andry Afo tsy miova, mampianatra ny zavatra mitovy, ary manamarina an'izany

amin'ny alàlan'ny Teniny, ary famantarana sy fahagagana. Tena faly aho fa Kristiana anankiray, tsy fantatro hoe inona no hataoko. Tena faly aho fa Kristiana anankiray ianareo.

306 Ary ianareo, tabernakla eto, efa nolazaiko taminareo fa hanova ny anaran'ity isika. Tsy dia tsara ho azy ity ny ho Branham Tabernacle. Lehilahy anankiray fotsiny izany, hitanareo. Hanova ny anaran'izy io isika, hanao anarana hafa anankiray. Ho eo amin'izay isika, afaka kelikely. Tiako fotsiny izy ho—ho fiangonana anankiray an'Andriamanitra velona. Tsy tiako ho Metodista izy, Batista, Presbyterana, Pentekotista. Izaho . . .

307 Ireo olona rehetra ireo, dia tiako amin'ny foko rehetra. Tsy fantatro hoe iza no iza. Tsy haiko ny hilaza aminareo. Tsy maintsy mitory ny Teny fotsiny aho. Atsipiko ny harato dia sintoniko izy. Misy sahona ao, ary misy heli-drano ao, ary misy menarana ao, ary misy trondro vitsivitsy, ihany koa. Anjaran'Andriamanitra ny manapa-kevitra amin'izany. Misintona ny harato fotsiny aho, mitory ny Teny fotsiny ary misintona azy, ka manao hoe, "Indreo izy ireo, Tompo, manodidina ny alitara. Ianao no mahalala ny Anao; efa Fantatrao izy ireo hatramin'ny fanorenana. Izaho tsy mahalala hoe iza no iza. Ianao mahalala, koa Anjaranao izany, Tompo. Izay no mety indrindra azoko atao. Handeha etsy aho dia hanarato any an-kafa any ho any ankehitriny, ary hampiditra andiany hafa. Izay ihany no azoko atao." Eny àry.

Oh, te-handeha aho izao,
Te-handeha aho izao;
Ny Tranoko any An-danitra mamiratra sy tsara,
Ka te-handeha aho izao.

308 Ankehitriny tsarovy, izay rehetra mila fotoana, dia antsoy fotsiny Atoa. Mercier eto: BUtler 2-1519. [Niova ny nomeraon'ny telefaonina.—Mpand.] Ho faly izahay hahita anareo. Raha tonga ireo malalanareo, ka maika mandritry ny fotoan'ny fifohazana . . . Ankehitriny dia handeha aho, manomboka izao hariva izao, handeha mba ho irery, ary handeha roa andro ankehitriny, ho irery.

309 Miditra fotsiny amin'izany aho ary handeha hianatra, tahaka izany, "Tompo, eto anilako Ianao. Fantatro fa eto Ianao. Ary ny Teninao no milaza fa hanatona izay manatona Anao Ianao." Mitohy mivavaka aho ary mijery mandra-pahitako an'ilay Andry Afo manomboka mihetsika. Fantatro fa vonona izany. Avy eo aho dia mandroso eo amin'ny lampihazo ho an'ny asa fanasitranana, hivavaka, ary hanao izay azoko hanampiana ny marary sy ny marofy.

310 Mankasitraka ny hatsaram-panahinareo izahay ankehitriny. Ary rehefa tonga ianareo, tongava am-pinoana, ary manantena ny hanana fivoriana lehibe isika. Tiako ny milaza fa . . .

311 Rahalahy Jeffries, ato ve izy izao hariva izao? Tianay ny hankasitraka an-dRahalahy Jeffries sy ny asany. Ataoko fa lasa niverina any amin'ireo nosy izy, sy ny sisa.

312 Faly mahita an-dRahalahy sy Ranabavy Wright, ary ny maro aminareo olona eto.

313 Ary nahita an'i Robertson mpisolovava aho teo, vao tsy ela, niditra vao tsy ela. Te-hiarahaba azy aho noho ny—noho ny hafany izay nentiny indray andro. Tsy nisy nilaza hoe iza izy. Tena henatra be izany. Nanana hafatra tena tsara mikasika ny faminaniana izy, zavatra tahaka an'izao toriako anio hariva izao.

314 Ary, koa, noho izany dia nisy mpitory hafa teto izao maraina izao, na omaly hariva, Rahalahy Smith, avy amin'ny fiangonana Metodista . . . na avy amin'ny Fiangonan'Andriamanitra, izay eto. Tsy fantatro na eto izy izao hariva izao, na tsia. Raha mitsangana ety amin'ity polipitra ity ianareo ka mijery ny ary aoriana ary, dia somary sarotra ny hilaza; marin-tampona ilay izy, hitanareo, ka tsy afaka milaza ianareo. Raha eto ianao, Rahalahy Smith, dia mankasitraka anao izahay.

315 Ary tsy itsy, mipetraka etsy itsy, ve ilay rahalahy kely avy any Georgia, itsy aoriana itsy mihitsy akaikin'ny Rahalahy Collins? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Eny."—Mpand.] Faly mahita anao eto indray izao hariva izao, rahalahy.

316 Ary ny sisa aminareo, ianareo rehetra, ny tsirairay dia mahalala hoe iza ianareo.

317 Mino aho fa itsy ilay anabavy sy rahalahy eto izay nandeha sy nivavaka ho an'ilay tovovavy tamin'izany fotoana izany, eto mihitsy, dokotera anankiray io mipetraka eo amin'ny ilany io. Ny Tompo hitahy anao, dokotera.

318 Ankehitriny, azafady aza tafintohina amiko ianareo, ianareo mpitory sy rahalahy ireo, noho ny fomba entitra nitondrako an'izao mafy arak'izay azoko atao. Tabernaklanay ity. Izany no ijoroanay, ary tianay ny hametraka Izany eo amin'ilay Teny, ary handona azy ireo amin'Izany. Noho izany, raha toa ka hivily làlana ianareo, dia hiverina izahay ka hiteny hoe, "Nahalala tsara ianareo. Io Izy ato anaty horonam-peo." Hitanareo? Eo ianareo izao. "Io Izy ato anaty horonam-peo."

319 Mbola manana maro izay tokony hatao ao anatin'izany isika, Leo. Saingy, saingy isika . . . Efa anananareo betsaka izany. Mijanona mahatoky amin'Izany, ary ho azontsika ny ambin'Izany afaka kelikely. Tahaka an'ilay lehilahy, nihinana voatango, nanao hoe, "Tena tsara ilay izy, saingy mbola misy ihany amin'izany." Noho izany dia mbola manana betsaka amin'Izany isika, eny, ho avy.

320 Ny Tompo anie hitahy anareo, tena tsara ankehitriny. Rehefa isika . . . Hanana fotoana fanaovana batisa isika ankehitriny izao. Marina ve izany, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville

hoe, "Hia, mino aho fa izay."—Mpand.] Misy olona hatao batisa ve izao? Tsy ahoanay ianao na iza na iza; izahay dia—izahay dia eto mba hanao batisa. Atsangano ny tànanareo, ireo izay hatao batisa. Misy olona, mino aho fa izy io dia . . . Io misy ramatoa eo. Ary mbola misy hafa ve? Ankehitriny, manana akanjo izahay ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy.

321 Ankehitriny, izahay tsy miteny hoe, "Ialao ny fiangonana Batista. Ialao ny fiangonana Metodista." Tsy miteny an'izany izahay. Miverena any amin'ny fiangonanareo ianareo. Fa raha tsy natao batisa araka ny Soratra ianareo, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy . . . Tsy amin'ny Anaran'i "Jesosy" fotsiny, ankehitriny. Amin'ny Anaran'i "Jesosy Kristy Tompo," izany no Soratra. Natao batisa diso ianareo.

322 Tsy te-hanana olana aho rehefa tonga eo amin'ilay renirano. Tiako ny zavatra rehetra tena hazava arak'izay fantatro, rehefa mihazona an'ilay tapakila aho, hitanareo, satria te-ho tafakatra aho amin'io fotoana io. Hanoro hevitra anareo aho mba hanao toy izany koa.

323 Miverena any amin'ny fiangonanareo. Izany dia miankina, eo aminareo sy Andriamanitra. Izay ihany no azoko lazaina anareo.

324 Fa tsy nisy anankiray ato anatin'ny Soratra ka natao batisa tamin'ny fomba hafa afa-tsy ny Anaran'i "Jesosy Kristy Tompo." Ary izay rehetra natao batisa, dia nodidiana tamin'ny alàlan'ny Masindahy Paoly, izay nanao hoe, "Raha misy Anjely mitory zavatra hafa, aoka izy ho voaozona." Nandidy azy ireo mba ho avy ka haverina hatao batisa, indray, amin'ny Anaran'i "Jesosy Kristy Tompo." Marina izany. Ary nataony izany. Ary inona no nataony, naniraka antsika hanao izy; ary izany no hataontsika, raha sitrapon'Andriamanitra.

Mino ny fanasan-tongotra isika. Mino ny fandraisana.

325 Mino ny Fihavian'i Kristy faharoa isika, ilay hita maso, ny vatan'ny tenan'ny Tompo; tsy Fanahy, fa ny vatan'ny tenan'ny Tompo Jesosy miverina indray ao amin'ny voninahitra.

326 Mino ny fitsanganana amin'ny maty isika, mba handray vatana anankiray, tsy antitra sy miketrona tahaka ny nidirantsika tao am-pasana; fa vaovao anankiray, ao anatin'ny tena fahasambaran'ny hatanorana, mba ho velona mandrakizay.

327 Mino ny tsi-fahafatesan'ny fanahy isika, tanteraka tokoa. Mino isika fa tokana ihany ny endriky ny Fiainana Mandrakizay, ary izany dia ilay Fiainana izay azonareo avy amin'i Kristy Jesosy. Tena marina izany.

328 Noho izany, isika dia tsy mino ny fampijaliana Mandrakizay. Mino ny helo anankiray mirehitra afo isika, afo solifara mandoro, fa tsy mino isika fa mandoro mandrakizay izany; raha izany, dia ananantsika ny Fiainana Mandrakizay. Fiainana Mandrakizay tokana ihany no misy; Ilay avy amin'Andriamanitra. Ary marina izany. Ho dorana ianareo,

angamba mandritry ny iray tapitrisa taona, folo tapitrisa taona, tsy fantatro, fa tsy mety afaka hanana Fiainana Mandrakizay ianareo. Tsy afaka ny hirehitra maharitra ianareo . . . Afaka ny hirehitra maharitra ianareo, saingy tsy Mandrakizay. Hitanareo, misy fahasamihafany eo amin'ny Mandrakizay sy maharitra. *Maharitra* dia taon-jato maro sy taon-jato maro, fitohizana anankiray, midika hoe "elanelam-potoana" anankiray. Fa, ny Mandrakizay, tsy manana fampijaliana Mandrakizay izany ianareo.

329 Manana Fiainana Mandrakizay ianareo, satria endrika tokana ihany ny Fiainana Mandrakizay misy. Ary izay manana Fiainana Mandrakizay, dia velona sy tahian'Andriamanitra ho mandrakizay.

330 "Fa ny fanahy izay manota kosa, ilay fanahy izay . . . " Inona? [Hoy ny fiangonana hoe, ". . . maty."—Mpand.] Marina izany. Noho izany, dia tsy manana ny Fiainana Mandrakizay izany. Azo antoka. Izy dia mahazo—izy dia mahazo ny fampijaliany, fa tsy Fiainana Mandrakizay.

331 Koa, hitanareo, mbola misy zavatra maro hampianarina, ho azontsika izany atsy ho atsy. Ny Tompo anie hitahy anareo.

332 Ankehitriny ndao isika hihira an'ilay hira tranainy tsara, raha mandeha etsy ny anabavintsika. Mino aho fa io ramatoa io dia . . .

333 Rosella, reninao ve io? [Hoy Ranabavy Rosella hoe, "Eny."—Mpand.] Eny, mahafinaritra izany! Faly mahita anao, ranabavy, manao an'izao. Tena tsara izany.

334 Rosella Griffin, iray amin'ireo namana kely tsara indrindra izay nananantsika. Izy no vehivavy tanora izay mpimamo taloha; ny sasany aminareo eto, dia mety ho vahiny izy. Rosella dia tsy miraharaha ny hilazako izany. Rehefa niakatra teto amin'ny lampihazo izy teo—teo amin'izay . . . teto Indiana. Raha mbola tsy nahita vorodamba anankiray ianareo, dia iray amin'izany izy, mpimamo mangira-maso. Rehefa, nilaza ireo dokotera efatra malaza an'ny Chicago fa izy dia . . . Ny Alcoholics Anonymous, sy ny sisa hafa rehetra, dia nandao azy. Fa indray hariva rehefa niditra tao amin'ny fivoriana izy, dia ny Fanahy Masina no namaofivaofy ny fiainany ary nilaza taminy nivantana teto. Vita teo ilay izy.

335 Jereo izy ankehitriny, ataoko fa, telopolo taona mahery kely, nefa toy ny valo ambin'ny folo; mahafatifaty, vehivavy tanora tsara tarehy. Tsy nanandrana toaka intsony hatreo; tsy nisy faniriana an'izany intsony. Velona ho an'i Kristy, mandeha eran'ny làlana eny, eny rehetra eny, manambara ny voninahitr'Andriamanitra, avy mpanota sy mpimamo, avy amin'ny faritra ratsy laza, sy ny sisa rehetra, eran'ny Chicago, lasa manao zavatra ho an'ny Tompo.

336 Natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Tompo izy, ary ny reniny dia tonga izao hariva izao mba hanao toy izany koa; raha afaka nanasitrana azy Andriamanitra, raha afaka nanasitrana azy Jesosy . . . "Izay rehetra ataonareo na amin'ny teny na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny Anaran'i . . . " [Hoy ny fiangonana hoe, "Jesosy Kristy."—Mpand.] Izany no lazain'ny Baiboly. Marina izany.

337 Eny àry, ankehitriny isika dia hanatanteraka ny fanaovana batisa. Hamono ny jiro mandritry ny minitra vitsy isika raha hiomana izahay ho an'ny asa, hanao batisa, ary—ary avy eo dia manantena fotoana tsara anankiray ao amin'ny Tompo isika.

338 Hanatanteraka ny fanaovana batisa ve ianareo izao hariva izao? Eny àry, tsaratsara kokoa ianareo—tsaratsara kokoa ianareo ho vonona. Ary hanomboka aho, hitarika ny hira aho sy ny sisa raha mandroso isika amin'izany. Raha mbola manao izy ireo . . . [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Misy akanjo ve ao ambadika ao, Doc?"—Mpand.] Akanjo fanaovana batisa, Doc, izao dia izao. Eny àry.

339 Ndao isika hihira ny iray amin'ireo hira tsara fahiny . . . [Nitarika ny fiangonana hihira Rahalahy Branham, raha eo ampanaovana batisa an'ilay anabavy i Rahalahy Neville—Mpand.]

340 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ary mandrapanaontsika an'izany, raha miainga isika, tsy maintsy manao inona isika?

Raisintsika eo amintsika ny Anaran'i Jesosy,
Lavo miankohoka eo an-Tongony,
Mpanjakan'ny mpanjaka any An-danitra, no hisatrohantsika Azy,

Rehefa mifarana ny diantsika.

Eny àry, hitsangana isika!

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome anao fifaliana sy fiononana izany . . .

341 Ho lazaiko anareo izay hataontsika. Mitodiha ka raiso tànana ny olona eto, ka lazao hoe, "Manao ahoana ianao, rahalahy? Tena faly tokoa aho tao amin'ny fivoriana niaraka taminao."

Anaran-tsoa, O tena mamy!
. . . sy fifalian'ny Lanitra;
Anaran-tsoa, Anaran-tsoa, O . . .

Ny Taranaky Ny Menarana MAG58-0928E
(The Serpent's Seed)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 28 Septambra, 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle, ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2013 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org